# Fizarana ho an'ny Ankizy

## Aoka ho vavolombelon' Andriamanitra

**Andininy fototra: Genesisy 15:12-18**

Alina mangina tamin'izay ary teo ivelan'ny tranony i Abrahama. Nanaitra an'i Abrahama tamin'ny hafatra iray Andriamanitra: "Ry Abrahama, fotoana izao hifindranao sy i Saraha ary ny ankohonanao any amin'ny tany vaovao izay hanananao zanaka maro ary hahafantaran'ny olona rehetra ny anaranao." Hoy i Abrahama tao an'eritreriny tao: *Oay, nampanantena tany vaovao sy ankohonana betsaka hafa ho ahy Andriamanitra. Tsy andriko ny hilazana izany amin'i Saraha.*

Nivoaka i Saraha sady gaga. "Nahoana ianao no mijanona ato amin'ny maizina? Misy olana ve?"

Faly i Abrahama raha namaly hoe: "Nilaza tamiko Andriamanitra fa tokony hifindra any an-tany vaovao ny ankohonantsika mba hanatratra olona hafa – tany izay hahafantaran'ny taranaka ho avy fa ankohonana lehibe tokoa isika."

Sahiran-tsaina i Saraha ka hoy izy hoe: "Mitebiteby aho ny amin'ny hifindrantsika satria tsy maintsy avelantsika avokoa ny zavatra rehetra fantatsika." Nampahery an'i Saraha i Abrahama ka nilaza fa hanokatra lalana Andriamanitra. Tao amin'ny tany antsoina hoe Ora no niainan'i Abrahama nandritra ny taona maro saingy natoky ny fampanantenan'Andriamanitra ny amin'izany fifindra-monina lehibe izany izy. Azonao an-tsaina ve ny ray amandreninao milaza aminao fa hifindra any amin'ny sekoly na fiangonana na toerankafa ianareo ka tsy maintsy hitady namana hafa?

Teny an-dalana ho any amin'ilay tany vaovao dia nitondra ny sakafony, ny fitaovany ary ny akanjony teny ambony rameva i Saraha sy i Abrahama ary i Lota zana-drahalahin'i Abrahama. Nitaraina i Saraha: "Mafana loatra atỳ amin'ny tany efitra atỳ."

Ningonongonona i Lota: "Reraka aho sady mangetaheta."

Tamin-toky no namalian'i Abrahama: "Reraka koa aho saingy efa ho tonga isika." Narovan'Andriamanitra izy ireo ka tonga soamantsara.

Nandeha an-tongotra lavitra niaraka tamin'ny ramevany i Abrahama sy i Saraha ary i Lota nandritra io dia io. Nahita tanàna mahafinaritra izy ireo rehefa nanakaiky ny toerana itodiany. Tonga teo amin'ny tany Harana izy ireo nony farany.

Dia niteny tamin'i Abrahama indray Andriamanitra mba hifindra! Tamin'ity fotoana ity dia nasainy nifindra tany amin'ny toerana antsoina hoe Kanàna izy ireo. Gaga i Saraha sy i Lota fa tsy maintsy hamboatra entana ary hifindra indray izy ireo. Dia an-tongotra lavitra indray no natao kanefa dia tody soamantsara tany amin'ilay tany vaovao izy ireo noho ny fiarovan'Andriamanitra.

Tao Kanàna dia nataon'Andriamanitra ho an'i Abrahama izany tany izany, ka hanana zanaka sy zafikely ary zafiafy maro izy ao. Namaha ny entany i Abrahama sy i Saraha ary i Lota; tao ny fitafiana, ny sakafo ary ny fitaovana rehetra, ary natsangany koa ny tranolainy mba hitoeran'izy ireo. Tany hafa izany saingy hanampy azy ireo Andriamanitra rehefa hijoro ho vavolombelona amin'ireo olon-kafa manodidina azy izy ireo. Vahiny tany amin'ny tany hafa i Abrahama. Vavolombelon'ny fitiavana sy ny herin'Andriamanitra izy. Azonao atao koa ny ho vavolombelona ho an'Andriamanitra eo amin'ny mpiara-monina na ny fiangonana iray vaovao.

**ANJARANAO IZAO**

Inona no hoentinao miaraka aminao rehefa hanao dia lavitra? Ataovy sary ny zavatra izay hoentinao miaraka aminao rehefa hanao dia lavitra ianao. Inona no anaran'ilay tany izay nifindran'i Abrahama sy i Saraha ary i Lota farany?

Efa nisy fotoana ve tsy maintsy nifindranao tany amin'ny faritra na firenena na tanàna hafa? Inona no tsapanao?

Inona no azonao zaraina amin'ny hafa rehefa mifindra any amin'ny toerana hafa misy olon-tsy fantatra na namana hafa ianao?

# Mijoro ho vavolombelona na dia misy tsy ara-drariny aza eo amin'ny fiainana

**Andininy fototra: Genesisy 39:20–-41:43**

"Tsy tokony hitranga izao!" hoy i Josefa ningononongonona. Vao nampidirina am-ponja noho ny endrikendrika izy satria nolazaina fa nanao zavatra tsy nety tamin'ny vadin'i Potifara. Nalahelo i Josefa satria ratsy ny zava-niseho. Namidin'ireo rahalahiny ho andevo any amin'ny tany hafa antsoina hoe Egipta izy ary ankehitriny dia nampidirina am-ponja kanefa tsy nanao ratsy. Nangatsiaka sy maizina tao an'efitry ny tranomaizina. Ratsy ny sakafo. Nahatsiaro tena ho irery i Josefa ary natahotra. Nanana fanontaniana maro izy. Nanontany tena izy raha drafitr'Andriamanitra izao rehetra izao. Nisalasala kely i Josefa saingy natoky ny drafitr'Andriamanitra hatrany izy.

"Fantatro fa hanampy ahy handalo izao fotoan-tsarotra izao Andriamanitra" hoy i Josefa. Nanampy ireo gadra hafa izy rehefa tao am-tranomaizina. Nanomboka nanonofy ny voafonja sasany kanefa tsy nahafantatra ny hevitry ny nofiny. "Josefa a, afaka manampy ahy hahazo ny hevitr'ity nofy mampatahotra ity ve ianao?" Nanontanian'i Josefa izay nitranga tao amin'ny nofy. Nitantara ny nofiny izy ireo ka afaka nanazava izany i Josefa noho ny fanampian'Andriamanitra. Nisy voafonja iray afaka tamin'ny gadrany ka niverina niasa ho an'i Farao. Tsy nanonona ny anaran'i Josefa mihitsy anefa izy satria hadinony sahady i Josefa.

Talanjona ilay mpiandry ny fonja ny amin'ny fanampian'i Josefa ireo voafonja. Notendrena hiandraikitra ny fiandrasana ny fonja i Josefa noho izany. Na teo aza ny hasarotry ny toe-javatra dia naniry ny hanampy ny hafa nanodidina azy tao am-ponja i Josefa. Afaka manampy ny hafa ve ianao rehefa mandalo fotoan-tsarotra? Nasehon'i Josefa fa na teo aza ny zava-tsarotra dia naniry ny ho vavolombelon'Andriamanitra izy. Niandry an'Andriamanitra i Josefa kanefa Andriamanitra niasa tao ambadiky ny toe-javatra rehetra.

Taona vitsivitsy no lasa. Nahazo nofy hafahafa izay nahavery hevitra azy i Farao, saingy tsy nisy olona na iray aza tao amin'ny lapa afaka nanampy azy.

"Mahafantatra olona iray ao am-ponja afaka manazava ny hevitry ny nofinao aho" hoy ilay mpitondra ny kapoakan'i Farao.

"Asaivo manketo amiko izy. Inona no andrasanao?" hoy i Farao.

Nilaza ny nofiny tamin'i Josefa i Farao: "Hitako ireo ombivavy mahia nihinana ireo ombivavy matavy izay niraoka ahitra." Nanampy an'i Josefa hahatakatra sy hanazava amin'i Farao Andriamanitra fa hisy mosary. Talanjona ny amin'izany fahendrena izany i Farao ary hitany fa ho mpitarika mahay i Josefa. Nanjary mpanapaka an'i Egipta manontolo i Josefa, manarakaraka an'i Farao!

Tsy mora ny fijoroan'i Josefa ho vavolombelona niaraka tamin'ireo zavatra ratsy nihatra taminy saingy natoky an'Andriamanitra hatrany tamin'ny alalan'ny vavaka izy. Azontsika ianarana avy amin'ny tantaran'i Josefa fa na sarotra manao ahoana aza izany dia azontsika atao ny matoky fa hanampy antsika Andriamanitra. Manana drafitra ho antsika tsirairay avy Andriamanitra.

## ANJARANAO IZAO

Inona no nitranga tamin'i Josefa rehefa nanendrikendrika azy ny vadin'i Potifara?

Tahaka izay nataon'i Josefa koa ve ny nataonao, raha teo amin'ny toerany ianao?

Inona no hataonao raha manao ratsy anao ny mpiara-mianatra aminao na ny namanao? Hivavaka hatrany ve ianao ary hatoky an' Andriamanitra?

Ataovy lisitra ireo zavatra izay hanampy anao hijoro ho vavolombelona na dia tsapanao aza fa tsy takatry ny olona ny mahazo anao ary irery ianao

# Ilay aretina hafahafa

**Andininy fototra:**
**2 Mpanj. 5:1-16**

Inona io mivohitra hafahafa eo amin'ny hoditrao io?" hoy ny vadin'i Namàna. "Vao haingana aho no nahatsikaritra azy io; zavatra mirofotra hafahafa eo amin'ny hoditra io angamba" hoy i Namàna. Nisy zavatra hafahafa teo amin'ny hoditr'i Namàna. Nanomboka nisy pentina fotsifotsy teo amin'ny vatany manontolo. Tsy nisy fanasitranana ary tsy nisy zavatra nahomby. Fotsy, nanaintaina ary nangidihidy ireo pentimpentina.

"Toa voan'ny habokana izany ianao" hoy ny vadin'i Namàna.

"Andray. Tsy ho kapiteny intsony aho raha voan'ity aretina ity," hoy i Namàna nisento. I Namàna no kapiteny lehibe teo ambany fahefan'ny mpanjakan'i Syria. Izy no niandraikitra ny miaramila rehetra tao amin'ny tafiky ny mpanjaka.

Nisy mpanompovavy kely iray avy any Isiraely niasa tao an-tranon'izy ireo ka nandre ny resaka nifanaovany. Nalahelo izy nahita an'i Namàna feno ireto pentina fotsifotsy teo amin'ny vatany. Nanapa-kevitra ny hijoro ho vavolombelona tamin'ny tompony ny amin'ny mpaminany Elisa izy.

"Manana vaovao tsara momba ny fanasitranana ny habokana mahazo anao aho" hoy izy. Gaga i Namàna noho ny fananan'ity ankizivavy ity vahaolana. "Afaka manasitrana anao Andriamanitra" hoy ilay ankizivavy. Tsy hitan'i Namàna izay atao, hoe handray na tsia ny torohevitra avy amin'ny andevovavy kely iray, saingy nihaino ihany izy. Nanonona anarana mpaminany iray antsoina hoe Elisa izay notarihin'Andriamanitra ilay ankizivavy. Afaka nanampy an'i Namàna i Elisa. Mila mankany amin'i Elisa mpaminany any Isiraely i Namàna hahalalany izay tokony hatao mba ho sitrana amin'ny habokana.

Lavitra dia lavitra ny lalana vao tonga tany an-tranon'i Elisa tany Isiraely raha niainga avy tany Syria izy ireo. Niaraka tamin'ny olona sasany sy ny mpanompony i Namàna mba hahita raha hisy fahagagana ho an'ilay aretina nahazo azy. Tonga soamantsara tany Isiraely i Namàna.

Mazava ireo torolalana. Mila mitsoboka impito ao amin'ny ony Jordana i Namàna! "Mety ho sitrana ve aho raha hitsoboka ao amin'ny rano maloto?" hoy i Namàna nanontany. Nampirisika azy

hihaino ny hafatr'ilay mpaminany ny iray tamin'ireo mpanompony. Nisoritra teny amin'ny endrik'i Namàna ny tahotra raha nandeha teo amin'ny rano impito izy. Rehefa nivoaka avy tao anefa izy dia tonga vaovao ny hodiny.

"Tena fahagagana tokoa izao! Tsy misy Andriamanitra marina ankoatra ny Andriamanitry ny Isiraely!" hoy i Namàna. Tsy niasa ho an'i Namàna fotsiny ilay ankizivavy fa tonga namana mahafinaritra ho azy ireo. Ny finoan'ilay ankizivavy an'Andriamanitra sy ny fijoroany ho vavolombelona dia nanampy ny hafa tahaka an'i Namàna hahita ny herin'Andriamanitra. Na firy taona ianao na firy, hanome hery anao hanampiana olona mila fanampiana Andriamanitra. Amin'ny fotoana manaraka ka marary ianao, dia tsarovy ity tantara ity sy ny fomba ahazoan'Andriamanitra manasitrana anao.

**ANJARANAO IZAO**

---

Inona no nilain'ilay ankizivavy kely hijoroana ho vavolombelona amin'ny tompony? Nahoana no sarotra izany?

Zarao amin'ny namana anankiroa ny fomba nanasitranan'Andriamanitra anao rehefa narary ianao.

Inona ny fihetsika nasehon'ireo namanao rehefa nanasitrana anao Andriamanitra?

# Matory ao an-davaky ny liona

**Andininy fototra:**
**Daniela 6**

Tia an'Andriamanitra i Daniela. Nonina tany Babilôna izy. Nivavaka intelo isan'andro izy ary fantany fa tsy handao azy na oviana na oviana Andriamanitra. Nanankinana asa maro isan-karazany i Daniela teo amin'ny fanjakana, ary natoky azy i Dariosa mpanjaka.

Tsy ny olona rehetra anefa no faly tamin'i Daniela. "Hmm, mihevitra io Daniela io fa tsara noho isika. Ho azontsika izy!" hoy ny sasany. Nitady hevitra hamandrihana an'i Daniela ireo olona ratsy fanahy ireo, mba tsy ho tian'ny mpanjaka Dariosa intsony izy. Nanolo-kevitra ny mpanjaka ireo lehilahy ratsy fanahy ireo mba hamoaka lalàna fa tsy misy olona mahazo mivavaka afa-tsy amin'ny mpanjaka ihany.

"Eny ary" hoy ny mpanjaka, "atao lalàna izany, ary izay rehetra mandika izany lalàna izany dia hatsipy ao an-davaky ny liona."

"Haha, tsy manan-tsafidy intsony izao i Daniela fa tsy maintsy mankatò io lalàna io," hoy ireo olon-dratsy.

Rehefa nandre momba ilay lalàna vaovao i Daniela dia nanohy nivavaka hatrany, tsy nitsahatra nivavaka mihitsy izy! Tsy nampino ireto olona ratsy fanahy ireto izany zavatra hitany izany!

"Ahoana izao ataon'i Daniela tsy mankatò ny lalàna izao? Hahita raharaha izy anio," hoy ireo olon-dratsy. Tsy natahotra i Daniela satria fantany fa homba azy Andriamanitra.

I Daniela dia vavolombelona nampiseho fa misy Ilay Andriamanitry ny lanitra. Tsy natahotra nivavaka i Daniela na dia nanara-maso azy aza ireo olona ratsy fanahy. Nitatitra tamin'ny mpanjaka ny zavatra hitany izy ireo. Nalahelo ny mpanjaka satria tiany i Daniela. Tsy nanana safidy anefa izy fa tsy maintsy hatsipy ao an-davaky ny liona i Daniela satria nandika lalàna. Tsy natahotra i Daniela fa mbola natoky fa hamonjy azy Andriamanitra.

"Jereo ange ity Daniela e, izay vao tena tsy afa-manoatra izy; ho hitantsika eo raha hamonjy azy ny Andriamaniny, hahahaha", hoy ireo ratsy fanahy nihomehy.

Rehefa natsipy tao an-davaky ny liona i Daniela dia nanara-maso izany tamin'alahelo ny mpanjaka

Dariosa. “Enga anie hamonjy anao ny Andriamanitrao ry Daniela,” hoy izy. Tao an-davaky ny liona i Daniela nandritra ny alina manontolo. Ny ampitso vao maraina dia nianga ny mpanjaka hizaha raha mbola velona i Daniela. “Ry Daniela ô, namonjy anao ve ny Andriamanitrao?” hoy izy nanontany. Dia niantsoantso i Daniela fa tsy maty izy tsy akory. Faly tokoa ny mpanjaka nandre fa tsy lanin’ny liona i Daniela. Narovan’Andriamanitra izy! Feno hatezerana ireo ratsy fanahy nony fantany fa tsy nahomby ny tetik’izy ireo.

Tsy mahafinaritra rehefa tratry ny zava-tsarotra isika, saingy afaka miaro antsika Andriamanitra. Indraindray rehefa mijoro ho an’Andriamanitra ianao dia ankahalain’ny namanao; kanefa nanome toky Andriamanitra hoe: *“Aza matahotra hianao, fa momba anao aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao aho sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin’ny tanana ankavanan’ny fahamarinako Aho.”* – Isa. 41:10.

**ANJARANAO IZAO**

Efa nalaim-panahy tsy hankatò ny ray aman-dreninao ve ianao, na ny mpampianatra anao any an-tsekoly?

Vakio ny Matio 5:16. Ahoana no mahatonga ny fijoroan’i Daniela ho fahazavana ho an’ilay mpanjaka?

Mandova vavaka amin’ny fomba miavaka. Ohatra, mandehana any amin’ny toerana manokana miaraka amin’ny olon-dehibe na miaraka amin’ny namana eo amin’ny manodidina, mba hiara-mivavaka.

# Sady tsy namana no tsy fahavalo

**Andininy fototra: Jaona 4:1-26**

Nafana ny andro tamin'izay. Efa fotoana naharitra no nandehandehanan'i Jesôsy teo amin'ny tany efitra. Tapa-kevitra ny hijanona teo amin'ny fantsakana iray izy mba hahazoan'ireto tongony feno vovoka miala sasatra. Nangetaheta fatratra i Jesôsy. Tsy ela taorian'ny nipetrahany teo amin'ilay fantsakana dia indro nisy olona tamy. Vehivavy Samaritana no nijanona teo akaikin'ilay fantsakana mba haka rano. Lalina tokoa ny fantsakana tamin'izany ka nilana karazana siny nafatotra tamin'ny tady, ary nalefa tany amin'ny lalina mba hahazoana rano. Mantsaka toy izany ny olona tamin'izany andro izany mba hahazo rano.

"Azafady re, azonao omena rano ve aho hosotroiko?" hoy i Jesôsy. Taitra ilay vehivavy Samaritana.

"Nahoana ianao no mangataka amiko rano hosotroina?" hoy izy. Tamin'izany andro izany mantsy dia tsy mba nifampiresaka na ninamana ny Jiosy sy ny Samaritana; koa nahagaga ilay vehivavy Samaritana ity fihaonana ity. Tsy nampaninona an'i Jesôsy na iza ilay vehivavy na avy aiza izy; tia ny olona rehetra mantsy i Jesôsy ka tsy natahotra nangataka rano hosotroina.

"Raha fantatrao hoe Iza moa Aho, dia ianao no hangataka Amiko rano velona", hoy i Jesôsy. "Rano velona hoe? Ianao aza tsy afaka mantsaka rano akory!" hoy ilay vehivavy Samaritana namaly. Nolazain'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy Samaritana fa izay rehetra misotro amin'ny rano avy ao amin'ny fantsakana dia mbola hangetaheta indray, fa na iza kosa misotro amin'ny rano izay omen'i Jesôsy azy dia tsy hangetaheta intsony mandrakizay. Ilay rano velona noresahin'i Jesôsy dia ny hafa-pamonjena sy ny fiainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra.

"Hay? Mba lazao ahy misimisy kokoa hoe ny amin'izany rano velona izany?" hoy ilay vehivavy Samaritana. Ary nametraka fanontaniana maromaro koa izy. Dia nohazavain'i Jesôsy taminy fa Izy no Mesia! "Hitako ihany Ianao nony farany marina!" hoy ilay vehivavy. Faly aoka izany ilay vehivavy Samaritana ka nihazakazaka nitantara tamin'ny olona rehetra fa ao i Jesôsy, ary notaominy ny olona mba handeha hijery Azy. Vahoaka no nanaraka ilay vehivavy

Samaritana raha nandeha nankeo amin'i Jesôsy izy. Alao sary an-tsaina ange e? Nino ilay vehivavy ireo Samaritana hafa vokatry ny zavatra notantarainy tamin'izy ireo, ary nampahery ity vehivavy ity ny fitiavan'i Jesôsy sy ny fomba nifandraisany taminy, na dia efa nanao safidy ratsy aza izy teo amin'ny fiainany.

Rehefa milaza ny tantaran'i Jesôsy ianao dia hanjary hisy olona maro kokoa hahafantatra Azy.

**ANJARANAO IZAO**

---

Efa ninamana tamin'ny olona izay tsy misy mpitia ve ianao?

Inona no ampianarin'ny tantaran'ilay vehivavy Samaritana antsika? Ahoana no tian'i Jesôsy hifandraisantsika amin'ny hafa?

Mora ve ny mitantara momba an'i Jesôsy amin'ny namana?

Eritrereto, inona ny zavatra tsara azonao atao ho an'ny ankizy vaovao iray ao amin'ny sekoly na fiangonana misy anao. Omeo Baiboly vaovao izy ohatra, na karatra firarian-tsoa, na fanomezana kely tsy ampoizina. HHhhhhh

# Fo miantra

**Andininy fototra:**
**Asa. 9:36-43**

Feno lamba tsara tarehy tao amin'ny efitra fandraisam-bahinin'i Tabita. Nanana fanomezam-pahasoavana manokana izy, ny fahalalahan-tanana; ary nanjaitra lamba firakotra sy akanjo ho an'ny olona tao an-tanànany izy. Naman'ireo mahantra sady mpanampy azy izy. Fantatra tamin'ny anarana hoe Dôrkasy koa i Tabita. Nipetraka tany amin'ny tanàna antsoina hoe Jôpa izy, seranan-tsambo teo amoron-dranomasina izany, izay be olona tokoa. Sambo marobe no tonga tany Jôpa mitondra mpitsidika. Fantatra tamin'ny maha-apôstôly na mpanampin'i Jesôsy azy i Tabita noho ny fitiavana nasehony tamin'ny fanamboarana akanjo ho an'ireo izay nila izany. "Tabita a, mamerina ny fisaorana noho ilay fehi-tenda tsara tarehy namboarinao ho ahy," hoy ny mpamangy iray nijoro teo an-tokotaniny.

"Tsy misy isaorana e, tiako hanana izay ilainy ny olona rehetra," hoy i Tabita. Tia azy ny olona rehetra. Nandray ny olona rehetra tao an-tranony izy ary nandroso sakafo mafana sy nanolotra fanomezana izay namboariny. Raha tsy nanana ny vola nilaina hividianana akanjo ny havany dia nanao izay azony natao i Tabita mba hanamboarana akanjo ho an'ny sasany amin'izy ireny. Olona maro no nahazo fampaherezana sy velom-pisaorana noho ny fisian'ny olona tahaka an'i Tabita. Tsy ny fanomezam-pahasoavan'ny fandraisam-bahiny ihany no nomen'Andriamanitra azy fa ny fahaizana manjaitra koa. Tia an'Andriamanitra sy ny olona i Tabita.

Indray andro dia narary mafy izy. Niharatsy hatrany ny toe-pahasalamany, ary tsy nahita fanafody hanasitranana azy ny mpitsabo. Maty izy taoriana kelin'izay. Tampoka tamin'ireo olona tia azy izany. Nalahelo sy nitomany avokoa ny olona rehetra tao amin'ilay tanàna. Nampandroiny ny fatiny ary nomanina halevina.

Nandritra izany fotoana izany dia ren'ny olona sasany fa tany amin'ny tanàna tsy lavitra azy ireo i Petera. Tsaroan'ny sasany tamin'izy ireo fa tsy nanasitrana fotsiny io mpianatr'i Jesôsy io fa nanangana ny maty ihany koa. Ninoan'izy ireo fa azon'i Petera hatsangana amin'ny maty i Tabita. Naniraka lehilahy vitsivitsy izy ireo hitady an'i Petera sy hangataka azy mba ho tonga hanampy azy ireo. "Petera a, mba tongava haingana araka izay azonao atao, fa maty i Tabita!" hoy izy ireo. Niaraka tamin'ireo lehilahy ireo i Petera,

ary rehefa tonga tany izy dia niakatra tany ambony rihana, ho any amin'ny efitrano nampandriana ny fatin'i Tabita. "Mivoaha avokoa ianareo azafady" hoy i Petera. Nandohalika izy ary nivavaka. Rehefa izay dia nijery an'i Tabita izy ary niteny hoe: "Mitsangàna!" Nosokafan'i Tabita ny masony ary niala teo amin'ny fandriany izy. Rehefa nivoaka ilay efitrano izy dia nijery azy tamim-pahagagana ny olona rehetra azy nidera an'Andriamanitra. "Nisy fahagagana avy amin'Andriamanitra. Velona i Tabita!" hoy izy ireo.

Nanomboka nitantara ny zavatra nataon'i Petera tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra ny olona, ary maro no nanomboka nino an'i Jesôsy. Nanangana an'i Tabita tamin'ny maty Andriamanitra mba hanehoana ny fahatsarany.

**ANJARANAO IZAO**

Inona ny zavatra tsara azonao atao mba hanampiana ny hafa ao amin'ny fiaraha-monina misy anao na ao am-piangonana? Mety ho fitsimponana ny fako eny amin'ny toeram-pipetrapetrahana izany, na fanampiana ny mahantra amin'ny fanomezana ny vola nomen'ny ray aman-dreninao anao, na koa fizarana ny akanjo tsy anaovanao intsony ho an'ny toerana fitaizana zaza kamboty.

Ahoana no maha fomba tsara hijoroana ho vavolombelona ny fanampiana ny mahantra?

# Fanamboarana lay ho an'i Jesôsy

**Andininy fototra:**
**Asa. 18:1-3**

Efa nahita lay vita tamin'ny hodibiby ve ianareo? Mpanamboatra lay no nahafantarana an'i Akoila sy i Prisila. Tamin'izany andro izany dia niofana ho mpanao lay ny ankamaroan'ny olona. Tsy nisy milina fanjairana tamin'izany ka nozairina tamin'ny tanana tamin'ny alalan'ny fanjaitra lehibe ireny lay ngezabe ireny. Asa nampidi-bola tsara ny fanamboarana lay. Mpivady kristianina be fitiavana i Akoila sy i Prisila, nandritra ny dia lavitra nivezivezen'i Paoly tany amin'ny tanàna samy hafa no nahitany azy mivady ireo. Nandray an'i Paoly tao an-tranony izy ireo, ary niara-niasa taminy tany an-tanànan'i Korinto. Nanao lay niaraka tamin'i Paoly i Prisila sy i Akoila. Koa satria izy ireo niara-niasa dia nizara ny tenin'Andriamanitra taminy i Paoly. Marobe ny zavatra nianarany tamin'i Paoly. Nijanona ela tany Korinto i Paoly ary nanohy ny filazantsara nandritra izany fotoana izany. Naniry ny hanampy azy hampianatra ny tenin'Andriamanitra tamin'ny hafa i Akoila sy i Prisila. Nahafinaritra azy ireo tokoa izany ka nanapa-kevitra izy ireo ny hanao dia lavitra misiônera niaraka tamin'i Paoly. Fanandramana vaovao izany, kanefa nahafaly azy ny nizara ny fahatsaran'Andriamanitra taminy.

"Namana akaiky anay tokoa i Paoly. Faly aho fa hiaraka aminy hanao dia misiônera," hoy i Prisila tamimpientanentanana.

Niombon-kevitra tamin'i Prisila i Akoila: "Eny, nitahy anay tamin'ny alalan'ny fanamboarana lay sy ny finamanana Andriamanitra." Nangorona ny entany i Paoly sy i Akoila ary i Prisila fa hanao dia misiônera. Nandeha sambo izy ireo mba hizara ny filazantsara amin'ny olona maro araka izay tratra. Toy ny fitetezana tanàna maro hitoriana ny Baiboly mihitsy izany, mba hizarana ny fitiavan'Andriamanitra. Niantsona tao Efesôsy izy ireo, izay anankiray tamin'ny tanàna lehibe indrindra tamin'izany fotoana izany.

Nandeha tany amin'ny toerana samy hafa izy ireo mba hilaza amin'ny olona ny momba an'i Jesôsy. Nahafaly ny olona ny nandre ny tenin'Andriamanitra, ary maro no nino ka tonga Kristianina. Azo antoka fa nahagaga ny nahita vahoaka marobe tonga mba handre ny momba an'Andriamanitra. Nijanona elaela tany Efesôsy i Akoila sy i Prisila ary i Paoly.

Nandao an'i Akoila sy i Prisila i Paoly avy eo ka nanohy ny diany mba hizara ny Tenin'Andriamanitra. Olona marobe no niova fo ka nanolotra ny fiainany ho an'Andriamanitra ary tonga Kristianina. Noho ny fahaizan'i Akoila sy i Prisila nandray an'i Paoly sy ireo olona hafa, dia nanjary nahafantatra ilay Andriamanitra marina ny olona. Misy fomba marobe azontsika izarana ny vaovao mahafaly momba an'Andriamanitra koa. Azon'Andriamanitra omena talenta ianao na fanomezam-pahasoavana mba hanampiana ny hafa. Azonao atao ny manompo amin'ny alalan'ny hira, ny toriteny, ny fampianarana, ny fanjairana akanjo, na koa amin'ny fomba hafa.

## ANJARANAO IZAO

Efa nitety firenena maro teto amin'izao tontolo izao ve ianao, na koa nitsidika toerana sasany eo amin'ny faritany misy anao? Nahita olona vaovao ve ianao ary nanandrana sakafo nahaliana?

Raha tsy afaka mitety toerana maro ianao, dia mbola afaka milaza ny momba an'i Jesôsy amin'ny hafa ve? Manolora fomba vitsivitsy hahafahanao manao izany.

Manana namana izay afaka manampy anao hizara ny fitiavan'Andriamanitra ve ianao? Inona ny hevitra azonareo tanterahina amin'izany?

# Fahagagana tao an-tranomaizina

**Andininy fototra:**
**2 Kôr. 1:8-11; 2 Kôr. 11:23-29; Asa. 16:25-40**

Tian'i Paoly ny nitety toerana maro sy nampianatra momba an'Andriamanitra tany amin'ny tanàna sy firenena samy hafa. Andro maromaro no nanaovany ny dia sasany. Reraka i Paoly sady nalahelo kanefa fantany fa nomba azy Andriamanitra. Rehefa nahita an'i Paoly ny olona dia nahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra. Nahatsapa fiadanana mandrakariva izy ireo rehefa eo i Paoly, ary nanao fahagagana marobe i Paoly.

Indray andro dia nampidirina an-tranomaizina i Paoly sy i Silasy satria tezitra tamin'izy ireo ny vahoaka noho ny nampianarany ny filazantsara. Nampitandrina azy ireo mba handeha ny mpino sasany kanefa mbola nanohy nitoriteny ihany i Paoly ary nahatsapa fa niaraka taminy Andriamanitra.

"Mialà amin'ny tanànanay fa manakorontana eto ianareo," hoy ny antsoantson'ireo vahoaka romotra. Nalahelo vokatr'izany i Paoly sy i Silasy. Nivavaka izy roa lahy ary nidera an'Andriamanitra na dia nandalo fotoantsarotra aza. Toy ny hoe manirery izy ireo ary nila tsy hahajoro, kanefa niasa tao ambadika Andriamanitra.

Raha tao an-tranomaizina i Paoly sy i Silasy dia nivavaka ary nanao hira tamim-pifaliana. Tampoka teo dia nisy zavatra nipoaka mafy. Horohorontany izany! Nidanadana ny varavaran'ny tranomaizina, kanefa mbola nanohy ny fiderana an'Andriamanitra ihany i Paoly sy i Silasy. Azon'izy ireo natao ny nandositra (niaraka tamin'ireo gadra hafa) kanefa nijanona izy ireo mba hizara ny vaovao mahafaly tamin'ilay mpiambina ny fonja. Gaga ilay mpiambina raha nahita an'i Paoly sy i Silasy nijanona tao an-tranomaizina, nanao hira fiderana. *Na dia ato an-tranomaizina aza i Paoly sy Silasy dia mbola faly ihany nidera an'Andriamanitra; iriko mafy ny hahalala mikasika ny Andriamanitra ivavahan'izy ireo*, hoy ilay mpiandry fonja tany an'eritreriny.

Nanasa an'i Paoly sy i Silasy ho any an-tranony ilay mpiandry ny tranomaizina, ary nanolotra ny fony ho an'i Jesôsy. Tany amin'ny toerana tsy ampoizina indrindra no nanaovan'Andriamanitra fahagagana. Nampiasa io fanandramana io ho voninahiny Andriamanitra. I Paoly sy i Silasy no ohatra maneho fa na dia toa tsy misy fanantenana aza dia

manokatra lalana Andriamanitra. Na dia any amin'ny toerana tsy ampoizina indrindra aza dia manome fifaliana ho antsika Andriamanitra. Mety mahita fifaliana ianao rehefa manampy ny hafa na dia mandalo zava-tsarotra aza. Azon'Andriamanitra atao ny manome hery anao hiatrehanao ny fiainana sy hizarana hafaliana amin'ny hafa, izay hahita ny fitiavan'Andriamanitra.

## ANJARANAO IZAO

---

Efa nandalo zava-tsarotra ve ianao? Mety tsy dia hainao ny fanadinana na koa tsy voafidy ho anatin'ny ekipa mpanao fanatanjahantenan'ny sekoly ianao. Ahoana ny fihetsehamponao manoloana izany?

Anontanio ny ray aman-dreninao ny fomba nanampian'Andriamanitra azy ireo ho tafavoaka tamin'ny zava-tsarotra.

Ahoana no hanampianao ny hafa hahita fifaliana ao anatin'ny zava-tsarotra any an-tsekoly? Inona avy no azonao atao ho an'ny hafa mba hahalalany ny momba an'Andriamanitra?

I Tanya Muganda dia mpanampy ny talen'ny Departemanta Miadidy ny Ankizy any amin'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

# Hahazo hery hianareo

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA
NOVAMBRA 2023

# Herinandro fiaraha-mivavaka 2023

**4 Sabata Voalohany**
Abrahama: Vavolombelona iray Mitaona ny hafa amin'ny ohatra aseho

**9 Alahady**
Mijoro ho vavolombelona ao anatin'ny ady sarotra:
Josefa

**13 Alatsinainy**
Vavolombelona marina sy sandoka:
Ilay mpanompovavy kely sy i Gehazy

**16 Talata**
Fijoroana ho vavolombelona tao an-dapan'ny mpanjaka: Daniela

**20 Alarobia**
Vavolombelona tsy mampino iray: Ilay vehivavy samaritana

**25 Alakamisy**
Vavolombelona tao amin'ny fahafatesana: Tabita

**28 Zoma**
Ny fijoroana ho vavolombelon'ny mpivady: Akoila sy Prisila

**33 Sabata Faharoa**
Hatramin'ny fahafatesana:
Ny fijoroan'i Paoly apôstôly ho vavolombelona

---

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>
Voatolotra ara-dalàna: 652-D/08.23
Ny natonta: 8587 isa

## TENY FAMPIDIRANA

### Hahazo hery ianareo

### Ted N. C. Wilson

Andeha isika haka sary an-tsaina vetivety ireto mpianatra vitsy vory tao Jerosalema. Amim-pitebitebena no iandrasan'izy ireo ny hafatra farany avy amin'i Jesôsy mialoha ny hiakarany ho any an-danitra. Mihaino Azy tsara izy ireo, mifikitra amin'ny teny tsirairay aloaky ny vavany eo am-panomezan'i Jesôsy azy ireo toromarika manokana mikasika ny tokony hataony rehefa avy mandray ny fanomezan'ny Fanahy Masina izy ireo. Ambarany mazava fa tsy tonga hanorina fanjakana eto an-tany Izy. Ary izy ireo kosa, amin'ny maha-mpianatra azy, dia manana anjara asa manokana amin'ny fanomanana ny mpiara-belona aminy ho amin'ny fanjakana iray hafa – dia fanjakana any an-danitra. Hoy Izy taminy: *"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* – Asa. 1:8. Antsoina ireo mpianatra ireo, izay i Jesôsy mihitsy no nampianatra azy, mba hijoro ho vavolombelona ho Azy sy hanomana ny hafa handray ny hafa-pamonjena. Ankehitriny dia mbola mampianatra sy miantso antsika hatrany Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teniny. Ireo izay mahatsapa fa mila ny heriny manova no antsoiny; ireo izay manetry tena sy mikatsaka Azy amim-bavaka; ireo izay manaraka ny diany ka amim-pahamendrehana sy fanajana no itondrany ny hafa; ireo izay vonona hitory ny hafatry ny anjely telo –

hafatra tsy dia mamim-bahoaka loatra ao amin'ny Apôkalipsy; ary ireo izay manafoana ny tenany mba hofenoina amin'ny fahasoavana sy ny fahafahana avy amin'ny Fanahy Masina.

Ho hitanareo ao amin'ny pejy manaraka ny tantaran'ireo olona sasany ao amin'ny Baiboly izay nijoro ho vavolombelona mahery ho an'i Kristy tao anatin'ny toe-javatra samihafa: i Josefa, izay vavolombelona miavaka na teo aza ny tolona manokana natrehiny; ilay mpanompovavy kely nijoro ho vavolombelona teo anatrehan'ny tompony tany amin'ny firenen-kafa; i Daniela, ilay vavolombelona teo anatrehan'ireo mpitondra firenena matanjaka teto an-tany; sy ireo hafa koa izay nijoro ho vavolombelona teo amin'ny manodidina azy.

Izao no voalaza ao amin'ny boky *Review and Herald* (9 Febroary 1892): "Manan-danja lehibe ho an'izay rehetra manaiky ny fahamarinana araka ny isehoan'izany ao amin'i Jesôsy ny teny nataon'i Kristy mialoha indrindra ny niakarany ho any an-danitra. (…) Tsy maintsy ho vavolombelon'i Kristy ny mpianany rehetra. Na iza na iza mandray ny haren-tsarobidin'ny fahamarinana dia tsy maintsy mampita izany amin'ny hafa."

Tianao ve ny ho vavolombelon'i Kristy? Raha eny dia manasa anao aho, mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, mba hanokana fotoana hanontaniana ny Tompo ny amin'izay tiany hataonao, amin'ny maha-vavolombelona mahatoky anao, ho fitoriana ny fitiavany amin'ny hafa!

Maranatha!

*Ted N.C Wilson, Filohan'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito*

## MOMBAMOMBA NY MPANORATRA

Manam-pahaizana nampiana-tena i Sarah Gane Burton ary mpanoratra an-gazety. Monina ao Michigan (Etazonia) izy mivady sy ny zanany roa. Tia manao dia lavitra i Sarah, tia mamaky boky, manoratra tononkalo, ary mitsangantsangana miaraka amin'ny ankohonany. Mahaliana azy ny tantara sy ny kolontsaina ao amin'ny Testamenta Taloha, indrindra ny fiainana andavanandron'ireo olona fahiny, izay manampy antsika hahatakatra mazava kokoa ireo tantara ao amin'ny Baiboly. Ankafiziny indrindra ireo tantara ireo sy ny foto-kevitra entin'izany mandritra ny vanim-potoana rehetra. Ny faniriany lalina indrindra? Ny hiaina amin'ireo foto-kevitra ireo – *"ny hanao ny marina sy ho tia famindrampo ary ny hanaraka an'Andriamanitra amin'ny fanetren-tena."*

SABATA VOALOHANY



# ABRAHAMA: VAVOLOMBELONA

Mitaona ny hafa amin'ny ohatra aseho

**TED N. C. WILSON**

Teo afovoan'i Mésopotamie fahiny, teo amin'ny ony lehibe Eofrata, no nisy ny tanànan'i Ora izay kanto aoka izany, teo anivon'ny fanjakana mpanankarena izay nahasarika ireo mpivarotra manerana izao tontolo izao. Maresaka ny seranan-tsambony izay manakaiky ny Hoala Persika; "Renivohitra tomefy olona i Ora! Mpivarotra no mameno ny arabeny tery, ary mpanao asa tanana mpamboatra ny zava-drehetra – manomboka amin'ny fitaovana vita amin'ny hoditra ka hatramin'ny haingon-trano sarobidy. Mifamoivoy etsy sy eroa ireo sarety tarihin'ny biby mbamin'ny ampondra maro mitanjozotra." - Andrew Lawler, «City of Biblical Abraham Brimmed With Trade and Riches», *National Geographic*, 11 Marsa 2016. Hita mitsitokotoko manodidina ny tanàna ny andian'ondry sy osy. Mandrobona mandravaka ireo saha fambolena mahavokatra ny hazo rofia, ary ny tany voatondraka dia namokatra vary hordea, voanemba, tongolo, ary tongolo lay.

Nisongadina teo amin'izany tanàna izany ny tempoly lehibe iray miendrika piramida, natao hanomezam-boninahitra an'i Sina, andriamanitry ny volana. 19,8 metatra ny haavony, ary ny fotony dia mahitsizoro izay mirefy 41,1 metatra ny sakany ary 60,96 metatra ny lavany. Nisy rihana telo samy nanana ny lokony io tempoly io, ary fitoerana masina volafotsy no teny amin'ny tampony.

Niorina taoriana kelin'ny fikomiana teo amin'ny tilikambon'i Babela io tanàna sy tempoly io, ary ivon'ny fanompoan-tsampy amin'ny endriny maro samihafa. Na izany aza, avy ao amin'izany toerana feno hery miasa mangina manimba izany no nipoiran'ny vavolombelona iray, anisan'ny mahatoky indrindra amin'Andriamanitra, dia i Abrahama.

*“Na dia velona teo afovoan’ny fanompoan-tsampy aza Abrahama, ka voahodidin’ny hery ratsy, dia nijoro mafy ho mahatoky kosa izy teo anivon’ny ratsy fanahy, sy teo anatrehan’ny fihemorana nahazo ny besinimaro.”* – Patriarka sy Mpaminany, tt. 105,106, ed. 2014.

Ahoana no nahatonga izany kanefa i Tera rainy niteraka azy aza nanompo andriamani-kafa (Patriarka sy Mpaminany, t. 107)? Raha teraka 350 taona taorian’ny Safodrano i Abrahama dia azo inoana fa avy amin’i Ebera raibeny fahadimy, zafiafin’i Sema, zanak’i Noa, no nahalalany ny fisian’ilay Andriamanitra marina. Raha efa maty ny ankamaroan’ireo raiben’i Abrama, i Ebera kosa dia niaina 464 taona, izany hoe 100 taona farafahakeliny taorian’ny nahaterahan’i Abrama. Azo eritreretina tokoa fa nizara ny fahamarinan’Andriamanitra tamin’ity taranany mbola tanora ity i Ebera.

Na inona na inona fomba nahalalan’i Abrahama ny fisian’Andriamanitra, dia fantatsika fa *“Finoana no naneken’i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin’izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany.”* – Heb. 11:8.

Niala tamin’ilay toerana manankarena sy mandroso indrindra teto an-tany tamin’izany andro izany i Abrahama, vonona ny ho vavolombelon’ Andriamanitra tany amin’ny toerana rehetra niantsoana azy halehany.

Andeha hodinihintsika fohy ny fomba nijoroan’io patriarika lehibe io ho vavolombelona ho an’Andriamanitra.

## VAVOLOMBELONA TEO AMIN’NY FIANAKAVIANY

Rehefa avy nitoetra fotoana fohy tao Harana, izay toerana nahafatesan’ny rainy i Abrahama, dia *“nitondra an’i Saray vadiny sy Lota zana-drahalahiny mbamin’ny fananan’izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana; dia niainga izy ireo hankany amin’ny tany Kanana”* – Gen. 12:5. Nanorina ny lainy teo akaikin’i Sekema i Abrahama ka teo izy no *“nanorina alitara (...) ho an’i Jehovah”* voalohany - and. 7. Rehefa nifindra toerana izy dia mbola *“nanorina alitara teo koa ho an’i Jehovah (...) ka niantso ny anaran’i Jehovah”* – and. 8. Nanome lanja ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy i Abrahama, ary nanasa ny olona rehetra tao an-tobiny ho amin’ny fanatitra maraina sy hariva. Isaky ny mifindra toerana izy dia mitoetra kosa ny alitara naoriny, toy ny vavolombelona mangina eo anatrehan’izay rehetra mandalo eo.

Na *“nikely aina mafy tokoa”* aza i Abrahama *“mba hanaisotra izay rehetra avy amin’ny fivavahana sandoka”,* dia olona tsara, mahalala fomba, marina no nahafantaran’ny olona azy, ary nanankaja teo imason’ny olona rehetra izy.

## VAVOLOMBELONA TEO AMIN’NY FIARAHAMONINA MIVELATRA KOKOA

Olona mpitandro fihavanana i Abrahama. Rehefa nisy ady teo amin’ireo mpiandry ondrin’i Lota sy ny mpiandry ondriny dia hoy izy tamin’ilay zana-drahalahiny: *“Aoka re mba tsy*

*hisy ady amintsika roa lahy, na amin'ny mpiandry ombiko sy ny mpiandry ombinao, fa mpirahalahy isika."* – Gen. 13:8. Navelany hisafidy izay toerana tiany honenana i Lota, ka ny lohasahan'i Sidima izay lonaka sy mahavokatra be no nofidin'ity farany, fa i Abrahama kosa nitoetra teny amin'ny faritra be tendrombohitra.

Tatỳ aoriana, raha nobaboin'ny mpanjaka Kedorlaomera sy ireo mpomba azy ny mponina rehetra tao amin'ilay lohasaha, dia hita fa tsy nanao an-dolompo velively i Abrahama tamin'ny fihetsika tsy mahay mankasitraka nasehon'i Lota tamin'ny lasa. *"Tsy mba nanao otri-po tamin ilay havany izy, ka avy hatrany dia nanapa-kevitra ny hamonjy azy. Rehefa avy nila saina tamin'ny alalan'ny fivavahana izy, dia niomana ho amin'ny ady*." – Patriarka sy Mpaminany, t.115. Azo malaky sy tanteraka ny fandresena! Tafaverina avokoa ny babo sy ny fananana rehetra, ary Andriamanitra no nambaran'i Abrahama ho tompon'ny fandresena.

Manazava toy izao i Ellen White: *"Tsy hoe nanisy soa ny mponina fotsiny ihany ilay mpivavaka tamin'i Jehovah, fa lehilahy nahery an'ady koa. Hita niharihary tamin'izany fa tsy hoe rehefa mpivavaka dia kanosa, ka ny fivavahana dia tsy mahasakana tsy hahery fo, rehefa tsy maintsy harovana ny zon'ny ampahorina. Ny herim-po nasehon'i Abrama dia nampiely ny lazany teo amin'ny firenena manodidina."* – Patriarka sy Mpaminany, t. 116.

Mpanabe i Abrahama, ary rehefa nizara ny finoany izy dia nitombo isa ny olona tao an-tobiny ka nahatratra hatramin'ny 1000 ny isany. *"Izay rehetra voataona hanompo an'Andriamanitra noho ny fampianarany dia nekeny hitoctra teo amin'ny tobiny. Ary tao no niomanan'izy ireny, toy ny any amin'ny sekoly, ho tonga vavolombelon'ny finoana marina sy madio. Lehibe ny adidin'ilay patriarka, satria izy no namolavola ireo izay ho tonga loham-pianakaviana izay hitondra eo amin'ny ankohonany avy ny fomba amam-panao nianarany taminy."* – Patriarka sy Mpaminany, t. 123.

Nohajain'ny firenena rehetra manodidina i Abrahama. *"Ny toetrany mahatoky tsy miova teo anatrehan' Andriamanitra, ny fiainany mahate-ho tia, ny fanaovan-tsoa nasehony, ny fahatsorany feno fahamendrehana, dia nahatonga ny olona hatoky sy ho tia ary hanaja sy hanome voninahitra azy."* – Patriarka sy Mpaminany, t. 114.

## VAVOLOMBELONA EO ANATREHAN'ANDRIAMANITRA SY NY ANJELY TSY MBOLA LAVO

Nanome voninahitra an' Andriamanitra i Abrahama, ary nomen' Andriamanitra voninahitra izy tamin'ny niresahany taminy mivantana sy tamin'ny nanambarany taminy ny fikasany. Kanefa olombelona ihany ilay patriarika. Intelo farafahakeliny no anambaran'ny Soratra Masina ny fotoana nihozongozonan'ny finoany: dia 1) rehefa nandainga tamin'i Farao izy momba ny rohim-pihavanany tamin'ny vadiny (Gen. 12:10-20); 2) rehefa naka an'i Hagara ho vady izy mba hahazoany mpandova (Gen.

16:1-4); 3) rehefa nandainga tamin'ny mpanjaka Abimeleka izy ka nilaza an'i Saraha hoe anabaviny (Gen. 20). Ireo ohatra ireo dia maneho ny loza ateraky 1) ny fandehanana any amin'ny toerana izay tsy niantsoan'Andriamanitra antsika mba handehanantsika, 2) ny fihainoana ny torohevitr'ireo izay mety miezaka ny hanampy antsika kanefa tsy mifanaraka amin'ny toromarika avy amin'Andriamanitra ny heviny.

*"Abrahama no efa nantsoin' Andriamanitra ho rain'ny mpino. Tsy maintsy ho tonga ohatra ho an'ny taranaka mandimby rehetra ny fiainany. Tsy mbola tanteraka anefa ny finoany (...) Koa mba hampitombo bebe kokoa ny fahatokiany Ilay Rainy any an-danitra, dia nampandalovin'Andriamanitra tamin'ny fizahan-toetra vaovao indray izy, dia fizahan-toetra faran'izay mafy indrindra, ka tsy mbola nisy olon-kafa na iza na iza nampandalovina tamin'izany."* – PM, tt. 130,131. Nibaiko azy Andriamanitra nanao hoe: *"Ento ny zanakao, ny lahitokanao izay tianao, dia Isaka ka mankanesa any amin'ny tany Moria; ary atero any izy ho fanatitra odorana ao amin'ny tendrombohitra anankiray izay holazaiko aminao."* – Gen. 22:2.

Fantatr'i Abrahama fa ny fanaovana sorona olombelona dia tsy fombam-pivavahana fanaon'ireo mpivavaka amin'Andriamanitry ny lanitra fa fanaon'ny mpanompo sampy! Noho izany dia tsy nisy heviny velively io baiko io. Nahoana moa Andriamanitra no hangataka aminy mba hanao sorona ny zanaky ny teny fikasana? Kanefa rehefa avy nitolona tamim-bavaka izy dia nankatò ilay baikon'Andriamanitra tamim-pinoana.

*"Olombelona mora azon'ny fahalemena sy mitovy toetra amintsika ihany izy, kanefa, tsy niahotra izy, na nanontany izay fomba hafa indray hahatanterahana ny teny fikasana, rehefa maty Isaka. Tsy niady hevitra akory tamin'ny fony naratra izy. Natoky izy fa marina izay rehetra notadiavin'Andriamanitra, ka dia nankatò ara-bakiteny izy."* – Patriarka sy Mpaminany, t. 136.

Tsy azony an-tsaina velively fa liana fatratra ny amin'izay hataony ny lanitra manontolo. Tsy takatr'i Abrahama sy Isaka velively fa nanome lesona mikasika ny drafi-pamonjena ho an'izao tontolo rehetra ary izao ny fihetsika nasehon'izy ireo. Tsy mbola fantany fa eo amin'io toerana niantsoan'Andriamanitra azy ireo mba handehanany io indrindra, no hanaovan'Andriamanitra sorona ny Zananilahy ho fanavotana antsika.

*"Ny mponin'ny lanitra no vavolombelon'ny toe-javatra nampi-hovitrovitra, izay nampiharihary ny finoan'i Abrahama sy ny fankatoavan'ny zanany. (...) Ny fankatoavana feno sy tony nasehon'ilay patriarka dia nahagaga ny lanitra manontolo; nisy hoby sy fiderana natao ho fankalazana izany. Niseho nihanjahanja ny maha-lainga ny fiampangan'i Satana (...). Ny fanekena nifanaovan'Andriamanitra tamin'i Abrahama, izay nohamafisina teo anatrehan'ny mponin'ny lanitra sy izao rehetra izao, dia porofo fa azo ny valisoa ho an'ny mpankatò."*

*"Na dia ny anjely aza, dia tsy nahatakatra tsara ny zava-miafin'ny famonjena (...). Koa rehefa nahazo baiko ny hanolotra ny zanany ho fanatitra i Abrahama, dia nasaina niomana hanara-maso izany avokoa ny tany an-danitra rehetra. Nanara-dia nijery tamim-pangitakitahana ny fihetsika tsirairay avy sy ny dingana tsirairay avy nataon'ilay patriarka ny maso rehetra. Raha nanontany Isaka ka nanao hoe: 'Aiza izay ondry hatao fanatitra odorana?" ka namaly Abrahama nanao hoe: 'Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra odorana"; rehefa nohazonina ny tanan'ilay patriarka raha hanainga azy hamono ny zanany iny indrindra izy, ka ny ondrilahy izay efa voaoman'Andriamanitra no nateriny ho solon'ilay zatovo, tamin'izay, eny, tamin'izay, dia namirapiratra fatratra indray ny zava-miafin'ny famonjena, ka takatry ny anjely, mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra, ny planin'ny famonjena mahagaga izay efa nomanin'i Jehovah ho famonjena ny olombelona."* – Patriarka sy Mpaminany, t. 138.

**FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA MIAVAKA**

Ny fiainam-pinoana nananan'i Abrahama, ny fankatoavany sy ny fanompoany, dia ohatra lehibe ho antsika ankehitriny. Ny hery miasa mangina avy amin'ny fiainany andavanandro, ny fahatokiany tsy azo nohozongozonina, ny fahalalahan-tanany, ny fahalalam-pomba nasehony, ary ny toetrany tsara dia nanambara tamin'ny olona rehetra fa nifandray tamin'ny lanitra izy. Nahatsinjo lavitra mihoatra noho izay hita maso izy, ka nahatakatra ireo zava-misy mandrakizay. *"Ary Abrahama nino an'Andriamanitra, ka dia nisaina ho fahamarinany izany"* – Rôm. 4:3.

I **Ted N. C. Wilson** no filohan'ny Fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito. Misy lahatsoratra sy fanazavana fanampiny azo jerena ao amin'ny kaontiny Twitter: @ pastortedwilson, sy amin'ny kaontiny Facebook: @PastorTedWilson.

**ALAHADY**



# MIJORO HO VAVOLOMBELONA AO ANATIN'NY ADY SAROTRA: JOSEFA

Tamin'ny taona 2021 dia nahatsapa toky sy fiadanana i Jane Marczewski («Nightbirde») raha nijoro teo an-tsehatra nilaza ny tantarany tamin'ireo mpitsara ny fandaharana malaza *America's Got Talent*. 30 taona izy tamin'io, mpihira sady mpamoron-kira, niady amin'ny homamiadana nandritra ny taona maro, ary izao dia efa mihanaka amin'ny tenany ilay homamiadana. Teo am-panaovany ny hirany miavaka dia latsa-dranomaso ny mpitsara sy ny mpijery. Rehefa naneho ny fahagagany manoloana ny toe-tsaina miabo nananan'i Jane izy ireo dia namaly tsotra i Jane hoe: "Hiandry ny fiainana ho mora kokoa ve ianareo vao hanapa-kevitra ny ho sambatra?[1]" Nozarain'i Jane malalaka tamin'ny alalan'ny "blog" (karazana tambajotran-tserasera) ny finoany sy ny ady nataony tamin'ny homamiadana. "Na tamin'ny fotoana izay tsy dia naharariako loatra aza aho dia indraindray nitsotra tamin'ny tany, teo amin'ny karipetra, amin'ny hazavan'ny tolakandro, mba hihaino an'Andriamanitra. Fantatro fa toa hadalana izany ary tsy haiko loatra ny manazava azy saingy eo Izy, na dia amin'izao fotoana izao aza. Reko tamin'izany fa tsy mahita an'Andriamanitra ny olona sasany satria tsy mijery ambany tsara izy ireo, ary marina izany. Raha tsy mety mahita Azy ianao dia mijere ambany kokoa. Amin'ny tany, ao amin'ny efitrano fidiovana Andriamanitra.[2]"

Efa nisaina toy izao ve ianao: aleo aho hiandry ho salama sy hahomby kokoa izay vao hijoro ho vavolombelona momba an'Andriamanitra amin'ny hafa? Mora amintsika ny mihevitra fa ilaintsika aloha ny ho ara-dalàna tsara izay vao mitory ny Filazantsara amin'ny hafa. Kanefa tantara maro ao amin'ny Baiboly no maneho fa mahomby tokoa ny fijoroana ho vavolombelona ao anatin'ny savorovoro sy ny tolona iainantsika andavanandro, eny, na dia ao anatin'ny toe-javatra sarotra indrindra aza. Ohatra tsara indrindra momba izany ny tantaran'i Josefa. Notiavina sy niangarana mihoatra noho ireo rahalahiny izy satria lahimatoan'ilay vehivavy tian'i Jakoba rainy indrindra. Raha 17 taona izy dia notoloran'i Jakoba akanjo tsara tarehy.

Ankoatra izany dia nomen' Andriamanitra nofy faminaniana izy, momba ny hanjakany amin'ireo rahalahiny, eny, amin'ny rainy koa aza. Nampitroatra ny hatezeran'ireo rahalahiny izany! Rehefa nanana fotoana namaliana faty izy ireo dia nisambotra azy ka nanaisotra taminy ny akanjony misoratsoratra ary nanipy azy tao anatin'ny lava-drano ritra. Taorian'izany dia namidin'izy ireo ho andevo tamin'ny mpivaro-mandeha andalana ho any Egipta izy.

## ANDEVO TONGA MPANOMPO AZO ITOKIANA

Tafavoaka velona tamin'ilay dia nankany Egipta i Josefa, ary namidin'ireo Isimaelita-Medianita tamin'i Potifara, tandapan'ny Farao sady lehiben'ny mpiambina. Saingy "*Jehovah nomba an'i Josefa, dia lehilahy nambinina izy*" - Gen. 39:2. Nentin'i Josefa niaraka taminy ny finoany na dia tafasaraka tamin'ny fianakaviany aza izy. Tsy nafeniny an'i Potifara ny finoany; koa na dia tsy nivavaka tamin'ny Andriamanitr'i Josefa aza i Potifara dia nahita sy nahatsapa fa niaraka tamin'ity mpanompony Andriamanitra ary tonga hatrao amin'ny ankohonany ireo fitahiana narotsany tamin'i Josefa.

Izany no nanesika an'i Potifara hanondrotra an'i Josefa ho amin'ny toerana ambony kokoa, dia ny ho mpitantana ny fananana rehetra ao antranony. Nankasitrahan'i Jehovah izany fitondrana tsara natao tamin'i Josefa izany: "*Ary hatramin'izay nanendreny azy ho mpikarakara ny tao an-tranony mbamin'izay rehetra nananany dia notahin'i Jehovah ny tranon'ilay Egyptiana noho ny amin'i Josefa; ary ny fitahian'i Jehovah nomba izay rehetra nananany, na ny tao an-trano, na ny tany an-tsaha*." - and. 5.

## VOAFONJA TONGA MPANAPAKA

Indrisy fa fotoana fohy no naharetan' ilay fahombiazana. Nanao izay hanangolena an'i Josefa ny vadin'i Potifara ary taorian'izay dia nendrikendrehiny ho nanao heloka bevava. Naiditra am-ponja i Josefa na tsy meloka akory aza. Azon'i Josefa natao ny nanary toky ka namoy fo. Iza no hanome tsiny azy? Toa tena tsy nisy azony nanantenana fahafahana, na ny hahita indray ny ankohonany.

Azony natao ny namela ny toe-javatra hampihena ny finoany sy hanamaizina ny toe-tsainy, na farafahakeliny najanony ny asany mendrika! Tsy izany anefa fa notohizany ny fahazarany manao asa amim-pahatokiana ka nitahy azy Andriamanitra na tany am-ponja aza. "*Nefa Jehovah nomba an'i Josefa sy namindra fo taminy ka nampahita fitia azy teo imason'ny mpitandrina ny tranomaizina. Dia natolotry ny mpitandrina ny tranomaizina ho andraikitr'i Josefa ny mpifatotra rehetra izay tao an-tranomaizina; ary izay rehetra nataony tao dia izy no antony. Ny mpitandrina ny tranomaizina tsy mba nikarakara na inona na inona izay efa mby an-tànany, satria Jehovah nomba an'i Josefa, ary izay nataony dia nambinin'i Jehovah*." - and. 21-23.

Naneho ny hatsaran-toetrany sy ny fanajany ireo mpiara-mifatotra aminy

ny resaka nataon'i Josefa tamin'ilay lehiben'ny mpitondra kapoaka sy ilay lehiben'ny mpanao mofo. Izao no nosoratan'i Ellen White: "*Ny fahitsiam-piainany isan'andro sy ny fangorahany ireo izay fadiranovana, dia nanokatra ny lalana izay nitondra azy ho eo amin'ny fahombiazana sy voninahitra.*[3]"

Fijoroana ho vavolombelona teo amin'ireo manodidina azy ny toetra nasehon'i Josefa nandritra ny fotoana manjombona nolalovany, ary ohatra ho antsika ankehitriny izany. "*Fa ny tara-pahatsaram-panahy rehetra alefantsika hanasoa ny hafa, dia miverina ka manasoa antsika ihany. Ny teny mamy rehetra omena ny malahelo, ny fanamaivanana rehetra atao amin'izay ampijalina, ny fanampiana rehetra atolotra ny mahantra, dia samy hanana ny valisoany avokoa raha nentanin'ny fikasana tsara.*[4]"

Taona maro no lasa izay vao nafahana tao am-ponja i Josefa. Na dia taorian'ny nahatongavany ho governoran'i Egipta aza dia tsy afaka nahita indray ny fianakaviany izy raha tsy taorian'ny fotoana naharitraritra. Tamin'ny fotoana nampahafantarany ireo rahalahany ny tenany dia izao no nolazainy: "*Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho aty; fa hamonjy aina no nampandehanan'Andriamanitra ahy hialoha anareo aty*." - Gen. 45:5.

Rehefa namidy ho andevo i Josefa dia tsy fantany fa indray andro any dia ho tonga governoran'i Egipta izy ka ny fahaiza-mitarika sy ny fahendrena izay nomen'Andriamanitra azy no hahasoa ny fiainan'ny ankohonany sy ny an'ny Egipta manontolo. Tsy fantany tamin'izany ny fomba hampiasan'Andriamanitra ny toe-java-tsarotra nisy azy. Tsy niandry ho mpitantana ny tranon'i Potifara na ho governoran'i Egipta anefa i Josefa vao nahatoky tamin'Andriamanitra na nanome voninahitra Azy noho ireo fahombiazany. Eny tokoa, ***noho*** ny fijoroana ho vavolombelona nataony no nahafantaran'i Potifara sy Farao ny tena loharanon'ny fahombiazany.

Tsy nilavo lefona mihitsy izy na dia niharatsy aza ny toe-javatra. Nanararaotra ny fotoana rehetra kosa izy hampisehoana ny finoan'ireo razany teo amin'ny fiainany, hitondrana fahazavana any amin'ny toerana maizina indrindra teo amin'ny fiarahamonina egiptianina. Tamin'ny maha-andevo azy dia afaka niresaka tamin'ireo olona tao an-tranon'i Potifara izy, ary tamin'ny olona hafa saranga koa aza angamba. Nihaona tamin'ny voafonja maro izay samy hafa fiaviana izy tao am-ponja. Ary tamin'ny maha-governora dia nifangaro tamin'ny mpitarika maro izy. Tamin'izany fomba izany no nampiasan'Andriamanitra an'i Josefa hanatratra ny saranga rehetra teo amin'ny fiarahamonina.

Mitsotra "amin'ny tany, ao amin'ny efitrano fidiovana" tahaka an'i Jane angamba ianao, na ao anaty "lavaka" tahaka an'i Josefa. Mety manontany tena ianao hoe: ahoana no hahatonga ahy ho vavolombelona ao anatin'ny fotoana maizina sy feno fahoriana? Kanefa na ny fifikiranao amin'Andriamanitra ao anatin'ny ady sarotra aza, ny faharetanao sy ny finoanao, dia mety hampahery ny hafa tokoa.

## Fanontaniana hosaintsainina

Ahoana no hahatonga anao ho vavolombelona eo amin'ny toerana misy anao amin'izao fotoana izao?

Efa nisy olona ve teo amin'ny fiainanao izay nanjary fitahiana ho anao? Ahoana no nampiasan'Andriamanitra ireny olona ireny hitahiana anao?

Inona no mety manakana anao tsy hanolo-tena hanambara ny fahasoavan'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao, na inona na inona toe-java-mitranga?

Michael Foust, « AGT's "Nightbirde" Dies at 31: Her Legacy Is the "Strength She Found in Jesus" », *Christian Headlines,* 22 Febroary 2022, https://www.christianheadlines.com/contributors/michael-foust/agts-nightbirde-dies-at-31-her-legacy-is-the-strength-she-found-in-jesus.html.

[2] Nightbirde, « God Is on the Bathroom Floor », 9 Marsa 2021, https://www.nightbirde.co/blog/2021/9/27/god-is-on-the-bathroom-floor.

[3] Ellen G. White, *Patriarika sy Mpaminany,* t. 213.

[4] Ellen G. White, *Patriarika sy Mpaminany*, t. 213.

ALATSINAINY



# VAVOLOMBELONA MARINA SY SANDOKA: ILAY MPANOMPOVAVY KELY SY I GEHAZY

Rehefa teo amin'ny taona izay nahaizany nampirina ireo kilalaony ny zanakay vavy dia nampirisika azy izahay handamina ny efitranony na ny toerampilalaovany. Nampianay izy, mazava loatra! Ary arakaraka ny nitomboany dia nahay namboatra ny fandriany sy mampirina ireo akanjony samirery izy.

Nomenay valisoa izy indraindray noho ny fanampiany amin'ny asa hafa ao an-tokantrano, toy ny fanasana lamba na zavatra hafa izay tsy mbola nataonay ho andraikiny andavanandro. Nanatona anay izy indray andro, miramirana, toa niandry zavatra, nanantena hahazo valisoa satria avy nampirina ny ampahany tamin'ny kilalaony! Nankasitrahanay izy noho ny asa tsara nataony saingy nohazavainay taminy fa raha ny marina, ny fampirimana ny kilalaony dia anjara andraikiny izay tokony hataony. Ny valisoany dia ny fahafaham-po avy amin'ny asa vita tsara.

Manantena homena valisoa ve ianao rehefa vitanao ny asa tokony nataonao? Angamba tsy izany na dia mahafinaritra aza ny mahazo teny fankasitrahana. Ary rehefa mijoro ho vavolombelona amin'ny hafa ianao? Manantena valisoa avy amin'Andriamanitra ve ianao? Tantaran'olona mijoro ho vavolombelona karazany roa no hitantsika ao amin'ny 2 Mpanj. 5: ireo izay miresaka momba an'Andriamanitra amin'ny hafa kanefa tsy miandry valisoa, ary ireo izay mihevitra fa mendrika hovaliana soa ny ezaka ataony!

## NY FIJOROAN'NY ANKIZIVAVY KELY IRAY HO VAVOLOMBELONA

Manomboka amin'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny ankizivavy kely iray ny tantara – tovovavy kely nalaina avy tany Isiraely, nentina niala lavitra ny ankohonany sy ny fonenany mba hanompo tao an-tranon'i Namana. Tsy voalaza ny anarany. Na izany aza, ny teniny dia niteraka tranga maromaro nifanesy izay niafara tamin'ny fiovam-pon'ilay kapiteny Syrianina.

Araka izany, i Namana dia lehiben'ny tafika tao Syria. Nataon'Andriamanitra fitaovana hitondra fandresena ho an'ny Syrianina izy. Boka anefa io lehilahy mahery fo sy matanjaka io. Tsy namaly faty ity kapiteny ity, izay naka azy ho babo na nitarika ny fanafihana izay nahatonga azy ho andevo ilay mpanompovavy kely fa nangoraka ilay tompony marary. Izao no nolazainy tamin'ny tompovaviny: *"Enga anie ka mba ao amin'ny mpaminany izay any Samaria ny tompoko! dia hahasitrana azy amin'ny habokany izy."* - 2 Mpanj. 5:3.

Tsy nahomby ny vahoaka Isiraely sy Joda tamin'ny fanatrarana ny tanjona izay nokendren'Andriamanitra ho an'ny taranak'i Abrahama hoe: "*ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany*" - Gen. 12:3. Raha tokony haneho ohatra ny amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namany izy ireo dia nanao ny fanaon'ireo firenena jentilisa manodidina ka nampahory sy nanararaotra ny iray firenena taminy. Na izany aza dia nitana ny finoany ny sasany tamin'izy ireo, ka nijoro ho vavolombelona hatrany tamin'ireo Isiraelita namany, ary rehefa lasanko babo izy ireo dia nitondra fitahiana tao an-tokantranon'ireo hafa firenena notompoiny, sy ny manodidina.

Izao no nosoratan'i Ellen White: "*Ny ray aman-drenin'ity zatovovavy Isiraelita ity dia tsy nahalala izay ho anjarany akory any aoriana, raha nampianatra azy ho tia ny Tompo. Fa dia nanatanteraka tamim-pahatokiana ny adidiny izy ireo; ary tao an-tokantranon'ilay kapitenin'ny miaramilan'ny Syriana, dia nijoro ity zazavavy ity, ho vavolombelon'ny Andriamaniny izay nampianarina azy hohajaina*." – Mpaminany sy Mpanjaka, t. 206.

**VAVOLOMBELONA SANDOKA**

Rehefa nandray am-po ny tenin'ilay tovovavy kely i Namana dia nankany Samaria mba hitady fanasitranana. Rehefa tonga teo amin'ny tranon'i Elisa izy dia nanantena ny hahita fisehoana be voninahitry ny herin'Andriamanitra amin'ny alalan'ilay mpaminany. Tsy izany anefa fa nasaina nandeha tany amin'ny rano Jordana izy mba handro. Na dia nahatezitra azy aza ny baikon'i Elisa tamin'ny voalohany dia nankatò ihany izy ka sitrana! Niverina tany amin'ny tranon'i Elisa izy, salama sady feno fankasitrahana, ary tonga hanolotra fanomezana ho an'ilay mpaminany. Nandà tsy haka izany i Elisa ary nandefa azy nody.

Tezitra i Gehazy mpanompon'i Elisa ny amin'ny tsy naneken'ilay mpaminany ny fanomezan'ilay kapiteny syrianina: "*Indro, ny tompoko namela fotsiny ity Namàna Syriana ity ka tsy nandray tamin'ny tànany izay zavatra nentiny; fa raha velona koa Jehovah, dia hihazakazaka hanaraka azy aho ka handray zavatra aminy*." - 2 Mpanj. 5:20. Noho ny fitiavam-bola tafahoatra dia nisaina tao am-pony i Gehazy fa raha tsy handray izay tokony ho azy i Elisa dia mba haka valisoa kely kosa izy.

Tovovavy kely isiraelita no nijoro ho vavolombelona voalohany tamin'i Namana – fijoroana ho vavolombelona marina miorina amin'ny finoana an'Andriamanitra sy ny fangorahana ny marary. Avy eo dia nisy olona faharoa

nijoro ho vavolombelona taminy – fijoroana ho vavolombelona sandoka avy amin'i Gehazy izay tsy nisalasala nandainga mba hampanan-karena ny tenany. Nilaza tamin'i Namana i Gehazy fa nirahin'i Elisa hilaza aminy fa ekeny ihany ireo fanomezana; nangataka talenta volafotsy iray sy fitafiana indroa miova izy homena ny zanaky ny mpaminany roa izay tonga mivahiny ao aminy. Feno hafaliana i Namana haneho ny fankasitrahany an'i Elisa ka nampirisika an'i Gehazy handray avo roa heny amin'ny volafotsy nangatahiny.

Rehefa niverina i Gehazy dia nanontany azy i Elisa, ary dia nandainga indray ilay mpanompo. Fantatr'i Elisa tsara ny zava-niseho: "*Tsy niaraka taminao ihany va ny foko tamin'ilay nihodina niala tamin'ny kalesy hitsena anao ralehilahy? Moa andro fandraisambola, na fandraisana fitafiana, na taninoliva, na tanimboaloboka, na ondry aman-osy, na omby, na ankizilahy, na ankizivavy va izao?*" - and. 26. Tsy fandraisana fanomezana ny fotoana anaovan'Andriamanitra fahagagana! Tsy avy tamin'i Elisa ilay fahagagana fa avy tamin'Andriamanitra. Noho izany, ny fanekena fanomezana dia fandefasana hafatra diso momba an'Andriamanitra izay nanasitrana an'i Namana noho ny famindrampony. Vokatry ny fahotany dia tonga boka i Gehazy.

Inona no nitranga tamin'ilay mpanompovavy isiraelita? Tsy milaza izany ny Baiboly. Saingy nitondra fanasitranana sy finoana tao an-tranon'i Namana ny teny feno fangorahana sy fahamarinana nataony. Naniry hahazo tombony ara-nofo kosa i Gehazy – toy ny hoe nisy anjara nataony tamin'ny fanatanterahana ilay fahagagana nataon'Andriamanitra. Nahatonga ny aretin'i Namana hifindra taminy ny fijoroana sandoka nataony, fa i Namana kosa sitrana.

Noho ny asany dia ara-dalàna ary ilaina ny hanomezana karama ireo mpitandrina, ireo mpitory ny Filazantsara, ary izay rehetra miasa ho an'ny Fiangonana. Saingy tsy tokony hitory momba Ilay nandoa ny sarany ambony indrindra ho famonjena antsika isika amin'ny fanantenana hahazo tombony ara-nofo. Misy olona marary ara-panahy sy ara-batana mila fanasitranana manodidina antsika, izay i Kristy irery ihany no mahay izany. Mety hahatonga ny olona hifidy hanaraka an'i Jesôsy ny asa fitoriana ataontsika; mety ho tanteraka amin'ny alalan'ny fahagagana ny vavaka ataontsika. Saingy aoka hotsaroantsika mandrakariva fa ny valisoantsika ny amin'ny nijoroantsika ho vavolombelona momba ny famindrampo sy ny fitiavan'Andriamanitra dia any andanitra. Azy irery ihany ny voninahitra sy ny dera.

**Fanontaniana hosaintsainina**

---

Inona no atao hoe vavolombelona marina?

Amin'iza no iantsoana antsika hijoro ho vavolombelona?

Inona ny valisoa azontsika amin'ny fitoriana ny fitiavan'Andriamanitra?

TALATA



# FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA TAO AN-DAPAN'NY MPANJAKA: DANIELA

Mpino mahatoky maro no nampidirina tao amin'ny tontolo pôlitika teo amin'ny tantara. Ankoatra an'i Josefa izay efa fantatsika ny tantarany dia misy an'i Daniela sy i Estera ary i Nehemia koa. Nentina tao an-dapa avokoa izy ireo amin'ny maha azo babo azy na natao sesitany, ary nitana anjara asa samihafa.

Ny Dan. 1 dia manoritsoritra ny famaboana an'i Jerosalema sy ny fitondrana ho babo ireo zatovolahy maro amin'ny zanak'andriana sy manan-kaja – zatovo izay nanana fahendrena, fahalalana ary faharanitan-tsaina. "*Ary tamin'ireo dia nisy avy amin'ny taranak'i Joda, dia Daniela sy Hanania sy Misaela ary Azaria.*" (and. 6)

Tao an-dapan'i Babilôna dia niavaka tamin'ny hafa ireo zatovolahy ireo tamin'ny fandavany tsy handoto ny tenany tamin'ny hanina sy ny divain'ny mpanjaka. Noho izany dia nitahy azy ireo Andriamanitra. "*Ary ireo zatovo efa-dahy ireo dia nomen'Andriamanitra fahalalana sy saina ny amin'ny taratasy sy ny fahendrena rehetra; ary Daniela nahafantatra ny amin'ny fahitana sy ny nofy rehetra*." (and. 17)

**Mijoro ho vavolombelona ampahibemaso i Daniela**

Tany am-piandohana dia efa hita fa hitana anjara toerana manan-danja ao amin'ny fanjakana babilônianina i Daniela. Ny fiantsoana manokana amin'ny maha mpaminany azy dia tsy hametraka azy eo amin'ny toerana manan-danja ihany fa mampidi-doza koa.

Ny nofin'i Nebôkadnezara voalohany, voarakitra ao amin'ny Dan. 2 dia nandokadoka ny mpanjaka izay naseho tamin'ny loha volamena. Fa ny nofiny faharoa kosa dia fanamelohana mivantana ny avonavony ary manambara fa Andriamanitra no tena Mpanapaka an'izao tontolo izao.

Hita ho very hevitra i Daniela raha niantso azy hilaza ilay nofy faharoa ny mpanjaka. Alaivo sary an-tsaina hoe hiteny amin'ny mpanjakan'ny fanjakana lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ianao fa raha tsy mibebaka izy dia hovan'Andriamanitra ho biby! Na izany aza anefa dia fantatr'i Daniela fa nanome fampitandremana an'i Nebôkadnezara Andriamanitra ary andraikiny ny hanazava io nofy io amin'ny mpanjaka.

Taorian'ny nilazan'i Daniela ny hevitry ny nofy dia nilaza ireto torohevitra manaraka ireto izy: "*ny fahamarinana no ento mampitsahatra ny fahotanao, ary ny fiantrana ny mahantra no ento mampitsahatra ny helokao, fandrao mba hampaharetina ahay ny fiadananao*"- Dan. 4:24. Tsy vokatry ny taona maro nianarana ny fiteny sy ny fahendrena ary ny literatiora kaldeanina tsy akory io torohevitra io fa noho ny fahalalany Ilay Andriamanitr'izao tontolo àry rehetra izao. Mampalahelo fa tsy nanetry tena i Nebôkadnezara ka tanteraka ilay faminaniana. Tsy nitsahatra ny hadalany raha tsy efa nanaiky ny fiandrianan'Andriamanitra izy.

Nampitaina tamin'ny mpandimby an'i Nebôkadnezara ireo torohevitra feno fahendrena avy tamin'i Daniela saingy tsy nahomby izany. Efa ho rava ny fanjakana babilônianina raha niantso an'i Daniela hanazava ny soratra teo amin'ny rindrina i Belsazara (Dan. 5). Nanaja ary nangoraka an'i Nebôkadnezara mihitsy aza i Daniela; i Belsazara kosa dia nanao tsinontsinona ireo fampitandremana nomena an'i Nebôkadnezara ka nihaika an'Andriamanitra an-karihary.

Nilaza taminy ireto teny hentitra ireto i Daniela: "*Ary ianao, ry Belsazara zanany, dia tsy mba nampietry ny fonao, na dia fantatrao aza izany rehetra izany; fa niavonavona tamin'ny Tompon'ny lanitra ianao*"- and. 22, 23. Io alina io ihany dia nirodana ny tanànan'i Babilôna ary niaraka nianjera taminy i Belsazara. Araka ny nambaran'ilay nofin'i Nebôkadnezara mialoha momba ilay sarivongana lehibe dia nisy fanjakana hafa nitsangana hisolo ny toeran'i Babilôna: ny fanjakana medianina sy persianina.

## FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA MANOKAN'I DANIELA

Notanana tao an-dapan'i Dariosa, mpanjakan'ny medianina, ho anankiray tamin'ireo kômandy lehibe telo nanerana ny fanjakana i Daniela. Voalaza fa "*nihoatra noho ny komandy lehibe sy ny solo-mpanjaka namany, fa nanampanahy hendry*" izy (Dan. 6:3). Rehefa niezaka hitady fomba hanamelohana ny fitondrantenany na ny asany ireo mpiaramiasa taminy izay nialona azy dia tsy nahita na inona na inona izy ireo "*satria marina izy, ka tsy nisy kilema na tsiny hita taminy*" (and. 5). Fomba iray ihany no hitan'izy ireo hiampangana azy ho manao ny tsy mety: ny famolavolana lalàna izay fantatr'izy ireo fa tsy ho azony tandremana. "Ato anatin'ny telopolo andro [dia tsy misy olona afaka mangataka] na amin'Andriamanitra na amin'olona" afa-tsy amin'ny mpanjaka ihany (and. 8). Ny fanipazana any andavaky ny liona no famaizana hahatra amin'izay mandika izany.

Rehefa ren'i Daniela fa nanao sonia izany didy izany ny mpanjaka dia nody mangingina tany an-tranony izy. Tsy zatovo intsony izy. Nahita mpanapaka sy manam-pahefana simban'ny fahefana izy. Fantany ny halozan'ireo fanjakana sy ny anjara miandry izay tsy mankatò ny mpanjaka. Azony natao ny niteny hoe: "Efa antitra loatra aho ankehitriny", ka nohidiny fotsiny ny varavarankely rehefa nivavaka izy. Ary ny fotoambavaka dia manokana rahateo! Nahatoky tamin'Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka anefa i Daniela ary ny didy notandremany dia mahatahotra ambon'izay rehetra azon'ny olombelona foronina.

Nivoha nanandrify an'i Jerosalema ny varavarankeliny, ary araka ny fanaony dia nandohalika izy ka nivavaka intelo isan'andro. Mety ho hitany angamba ireo mpiray tsikombakomba nijery azy, feno hafaliana ny amin'ny handreseny ilay fahavalon'izy ireo ara-pôlitika. Na dia teo aza ny fiezahan'ny mpanjaka hanavotra an'i Daniela hiala amin'ny sazy araka ilay didy navoaka, dia natsipy tao an-davaky ny liona i Daniela. Efa fijoroana ho vavolombelona matanjaka tao an-dapan'ny mpanjaka ny fahatokian'i Daniela. Saingy ny fanafahana azy avy tao an-davaky ny liona dia naneho, na tamin'ireo fahavalony aza, fa ny Andriamanitra izay notompoiny dia Andriamanitra avo indrindra ary ny fahombiazany sy ny mbola ahavelomany dia avy amin'ny fitahiana sy ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra.

Azo antoka fa nanompo am-pahatokiana ny mpanjaka i Daniela saingy ny fahatokiany tamin'Andriamanitra dia ambony kokoa. Tahaka an'i Nebôkadnezara izay talanjona sy nanetry tena noho ny fanambaran'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Daniela, i Dariosa dia nanoratra lalàna taorian'ny fanafahana an'i Daniela fa tokony hatahotra an'Andriamanitra ny olona rehetra: "*fa Izy no Andriamanitra velona sady maharitra mandrakizay; ny fanjakany haharitra hatramin'ny farany*"- and. 27.

Izao no nosoratan'i Carlos Elías Mora: "Nampiasa ny fahababoana Andriamanitra mba hitondrana fijoroana ho vavolombelona matanjaka teo anivon'ireo firenena babilônianina sy medianina sy persianina. Ny tsy fahombiazan'ny vahoakan'Andriamanitra izay nitarika ho amin'ny fanaovana sesitany an'i Daniela sy ireo namany dia tsy nanakana ny Tompo tsy hanatanteraka ny fikasany haneho ny toetrany amin'ireo firenena ireo". - Carlos Elías Mora, «Daniel and Friends: A Model for Witnessing», Journal of Adventist Mission Studies 5, n° 1, 2009, t. 97.

Teo amin'ny fiainan'i Daniela teo anatrehan'ny besinimaro sy ny fiainany manokana dia nijoro ho vavolombelona teo amin'ny toerana ambony indrindra nisy azy tao an-dapan'ny mpanjaka izy. Tsy namela ny tenany ho simban'ny fitiavam-bola tafahoatra na ny hetahetam-pahefana izy. Avy amin'ny asan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany sy ny fanompoana mahatoky nataony ny fahombiazany ara-pôlitika. Mpaminany teo amin'ireo tsy mpino izy, ary nitondra ny Tenin'Andriamanitra

teo amin'ny fanjakana izay nambabo sy namotika ny fireneny sy ny tanànany ary ny tempoliny.

Tsy nanamboamboatra ny fahamarinana henjana izay nambaran'Andriamanitra tamin'i Nebôkadnezara sy i Belsazara i Daniela na koa niezaka nandositra ny sazy avy amin'ny didy izay tsy azony notandremana. Nijoro ho vavolombelon'ny fahefana ambony kokoa izy ary nampahatsiahy ireo mpanapaka olombelona fa misy Mpanjaka ambonin'ny mpanjaka rehetra manjaka any an-danitra – Mpanjaka izay manana didy marina, be famindrampo ary feno fitiavana.

Afaka manompo am-pahatokiana isika – na aiza na aiza misy antsika – na dia tsy manompo mpanjaka na koa manapaka faritany aza. Azontsika atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny herin'Andriamanitra manova sy ny fanambarana omena ao amin'ny Teniny. Mety hantsoina hijoro ho vavolombelon'ny lalàn'Andriamanitra ambony isika eo amin'ireo izay mihazona ny fahefana saingy matetika ny fijoroantsika ho vavolombelona dia miseho amin'ny alalan'ny asa sy ny fihetsika mahazatra isan'andro. Na eo amin'ny fiainana ampahibemaso na amin'ny fiainana manokana dia aoka isika ho hita ho mahatoky!

## Fanontaniana hosaintsainina

- Ahoana no hahafahanao mijoro ho vavolombelon' Andriamanitra any amin'ny toeram-piasanao?
- Ahoana no tokony ho fihetsiky ny Kristianina iray manoloana ny lalàna izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra?
- Araka ny hevitrao, mahatoky ve ianao eo amin'ny fanompoanao ho an'ny asa, ho an'ny fianakavianao ary ho an'Andriamanitra? Misy tokony hohatsaraina ve? Mivavaha ny amin'ireo teboka ireo ary mangataha amin'Andriamanitra hanampy anao ho vavolombelona eo amin'ny lafim-piainanao rehetra.



# VAVOLOMBELONA TSY MAMPINO: ILAY VEHIVAVY SAMARITANA

Nisy Lehilahy iray nandeha an-tongotra an-kilômetatra maro niaraka tamin'ireo namany. Efa nitataovovonana ny andro ary nanakaiky ny ora fisakafoana. Feno vovoka ny tongony reraka, ary nahamaina ny vatany ny rivotra mafana. Nangetaheta Izy ka nipetraka teo anilan'ny fantsakana teo anivon'ny saha iray – ny fantsakan'i Jakôba, ary niandry. Nandeha nitady hanina tany an-tanànan'i Sykara ireo namany, fa Izy kosa nanana fotoana nanan-danja tsy maintsy natrehina.

Vehivavy iray no tonga teo amin'ny fantsakana mba haka rano. Nataony izay hahatongavany irery teo mandritra ny fotoana mafana indrindra amin'ny tontolo andro – tsy azo isalasalana fa noho ny fiainany tsy nifanaraka tamin'ny fenitry ny fiarahamonina no anton'izany. Tsy mahagaga ny fisian'ny lehilahy eo amin'ny fantsakana – toerana iombonana azon'ny rehetra aleha ny fantsakana. Raha iny hampidina ny sininy ho ao am-pantsakana iny ravehivavy dia niresaka taminy ilay Lehilahy: "Omeo aho hosotroiko".

**Zava-baovao eo amin'ny tantara**

Miala amin'ny zavatra andrasan'ny fiarahamonina sy ny mpamaky tantara ny fitantarana ao amin'ny Jao. 4. Voalohany, i Jesôsy izay Jiosy ary noheverina ho Mesia dia nankany Samaria. Zava-dehibe tokoa ny tontolon-kevitra eto, izany no mahatonga ny teny hoe "Samaria" na "Samaritana" averina inenina ao amin'ny andininy enina (and. 4-9).

Taorian'ny nanaovana sesitany ny Isiraely, ireo izay nijanona tao amin'ny faritr'i Samaria dia nifangaro tamin'ireo tsy Isiraelita tao amin'ny faritra. Nifanambady izy ireo ary nanjary nifangaro ny fivavahany. Nitsipaka ireo teny faminaniana sy ny asa soratra feno fahendrena ankoatra ireo boky dimin'i Mosesy izy ireo, ary nivavaka tao amin'ny tempoly naoriny teo an-tendrombohitr'i Gerizima.

Nisy ny elanelana nampisaraka ny Jiosy sy ny Samaritana rehefa tsy namela ny Samaritana handray anjara tamin'ny fanorenana ny tempoly ireo Jiosy niverina avy tamin'ny fahababoana (Ezra 4:2, 3). Taonjato maro taty aoriana dia mbola nifankahala mafy ny Samaritana sy ny Jiosy. Ankapobeny, dia nandalo tao Samaria ny Jiosy rehefa nilaina izany; ny Jiosy sarotiny fatratra kosa dia nandeha tamin'ny lalana nanodidina mba tsy handalovana eo amin'izany faritra izany.

Ny firesahan'i Jesôsy tamin'ny Samaritana iray no toe-javatra faharoa miala amin'ny fomba fanaon'ny fiarahamonina, ary tsy hoe Samaritana fotsiny no nifampiresahany fa vehivavy iray nanana vady maro ary mbola nitoetra tamin'ny sakaizany anankiray aza tamin'izay fotoana izay. Fahatelo, ny resaka nifanaovan'i Jesôsy tamin'io vehivavy samaritana io dia maneho mazava tsara fa tsy vokatry ny kisendrasendra io fihaonana io: niandry io vehivavy io i Jesôsy, eny, nitady azy mihitsy aza. Ary ilay vehivavy, tao anatin'ny olona rehetra, no nanambarany ny maha-Mesia Azy!

Fangatahana tsotra no niantombohan'ny resaka: "*Omeo Aho hosotroiko*"- Jao. 4:7. Ampy hahatohina ilay vehivavy ny fisian'ny Jiosy iray niresaka taminy; kanefa mbola nangataka zavatra taminy ihany io Lehilahy io. Tamim-pahagagana no namaliany Azy hoe: "*Nahoana Hianao no Jiosy ka mangataka amiko hosotroina, nefa aho vehivavy Samaritana?*"- and. 9. Ninian'i Jesôsy tsy novaliana ny resany momba ny fisaratsarahana ara-poko ka namaly Izy fa ilay vehivavy no tokony hangataka hosotroina Aminy! Rano velona izay mitondra aina no nomeny azy. Namily azy hatrany Izy hiala amin'ny resaka ara-poko sy ireo ratra tany aloha mba hitondra azy hifantoka amin'ny hetahetan'ny fanahiny sy ny haneho aminy fa azony atao ny hanome fahafaham-po azy.

Rehefa tsapan'ilay vehivavy ny fahatsoran'ilay fanomezany mahagaga dia nangataka taminy hanome izany rano izany izy. Avy hatrany dia naniraka an-dravehivavy hiantso ny vadiny i Jesôsy. Tsotra ny valitenin-dravehivavy: tsy manambady izy. Tsy feno fahitsiana anefa izany fanambarana izany- miara-monina amin'ny lehilahy izay tsy vadiny izy amin'izao, ary nambaran'i Jesôsy taminy ny fahafantarany izany sy ny tantaram-pitiavan'ity vehivavy ity.

Gaga ilay vehivavy samaritana raha nahita ny fiainany naharihary toy izany ka niaiky fa tsy maintsy ho mpaminany i Jesôsy. Naniry ny hiala amin'izany resaka mahasadaikatra izany izy ka namily ny resaka momba ny fiainany manokana hiverina amin'ny resaka Samaritana sy Jiosy. Nanararaotra izany i Jesôsy mba hilazana fa tonga ny vanim-potoana vaovao: "*Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany*"- and. 23.

Hatramin'ny fiantombohan'ny resaka dia naniry hanova ny fomba fijerin'ilay vehivavy samaritana i Jesôsy – fomba fijery izay nifantoka tamin'ny ady ara-poko sy ara-pivavahana teo amin'ny

Jiosy sy ny Samaritana. Nihevitra ny tenany ho mifanohitra amin'ny Jiosy na manohitra azy ireo izy, ary noho izany, manohitra io Jiosy izay mipetraka eo amin'io fantsakana io koa. I Jesôsy kosa dia nisafidy ny tsy hanome lanja izany tantara efa taloha izany tamin'ny niresahany sy ny nanehoany fanajana taminy. Naorin-dravehivavy teo amin'i Jakôba sy ireo razany ny fomba fiainany sy ny finoany ara-pivavahana ary ny toeram-pivavahany; i Jesôsy kosa namerina izany indray ho amin'izay tokony ho izy ary nanavao ireo.

Farany dia nitarika ny resaka ho eo amin'ny lohahevitra iray izay fantany fa niraisain'ny Jiosy sy ny Samaritana hevitra ilay vehivavy: "*Fantatro fa avy ny Mesia (Ilay atao hoe Kristy); ka rehefa tonga Izy, dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra*"- and. 25. Novalian'i Jesôsy tamin'ny fomba tsotra nefa manaitra ny fanambaram-pinoana sy fanantenana nataon-dravehivavy: "*Izaho Izay miresaka aminao no Izy*"- and. 26.

## MAMAFY SY MIJINJA

Niverina avy tany Sykara ireo mpianatra tamin'ny fotoana izay nisian'ny fahanginana indrindra taorian'ilay fanambarana mahagaga. Tsy nihevitra intsony ny amin'ny rano izay hanala ny hetahetany amin'ny fotoana voafetra ilay vehivavy samaritana ka nihazakazaka nankany an-tanàna ary nitantara ny fihaonany tamin'ilay Lehilahy jiosy izay nitonona ho Mesia. Nanako tao amin'ny teniny ny fanantenana: "*Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy?*"- and. 29.

Andeha isika hiverina any amin'ilay fantsakana. Gaga ireto mpianatra raha nahita an'i Jesôsy niresaka tamina vehivavy kanefa tsy niteny na inona na inona izy ireo. Nanery Azy hihinana izy ireo saingy nandà izany Izy ary niresaka ny amin'ny hanina izay tsy fantatr'izy ireo. Raha nahita azy ireo very hevitra ny amin'ilay vehivavy sy izany hanina izany Izy dia nanambara tamin'izy ireo ny iraka nampanaovina Azy: "*Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany.*"- and. 34.

Avy eo dia nanome azy ireo ny iraka ampanaovina azy Izy: "*Moa hianareo tsy manao hoe va: Efa-bolana no sisa, dia tonga ny fararano? Indro, lazaiko aminareo: Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka sahady hojinjaina izy. Ary izay mijinja dia mandray karama ka mamory vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, mba hiara-mifaly ny mpamafy sy ny mpijinja. (...) Izaho naniraka anareo hijinja izay tsy nisasaranareo; olon-kafa no nisasatra, fa hianareo kosa no niditra teo amin'izay nisasarany.*"- and. 35-38.

Raha mbola niteny i Jesôsy dia olona maro avy any an-tanàna izay talanjona noho ny tenin-dravehivavy no tonga. Tsy niofana momba ny teôlôjia matihanina anefa ravehivavy. Ambonin'izany, ny fahatakarany ny fivavahana dia notarihin'ny lovantsofin'ny vahoakany, hatramin'ny fotoana fohy talohan'izao.

Saingy ny fihaonany tamin'i Jesôsy dia nahatonga ny fijoroany ho vavolombelona hahomby ka nanaitra ny fahalianan'ny iray tanàna! Niharihary teo imason'ireo mpianatra ny fanoharana nataon'i Jesôsy momba ny mpamafy sy ny mpijinja.

Tsy nampoizin'ny mpianatra ho tanàna mendrika ny fotoan-tsarobidin'izy ireo i Sykara – afa-tsy ny hividianana sakafo ihany. Tsy noheverin'izy ireo koa fa ny vehivavy iray dia ho misiônera mahomby tokoa! Izao no nosoratan'i Ellen White: "*Raha vantany vao nahita ny Mpamonjy ilay vehivavy samaritana dia nitondra Azy teo amin'ny hafa. Nasehony tamin'izay fa misiônera mahomby noho ireo mpianatr'i Jesôsy izy. Tsy nahita na inona na inona tao Samaria izay mampiseho saha mampirisika hiasa ny mpianatra. Nifantoka tamin'ny asa lehibe hatao amin'ny hoavy ny sainy. Tsy hitany fa nanodidina azy akaiky dia nisy vokatra tokony hangonina. Nefa tamin'ny alalan'ilay vehivavy izay nohamavoiny dia tanàna iray manontolo no voatarika hihaino ny Mpamonjy. Nentin-dravehivavy avy hatrany tamin'ny mpiray tanàna taminy ny fahazavana*." – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 193.

Nanasa an'i Jesôsy ho any an-tanànany ireo Samaritana. Nitoetra tao niaraka tamin'ny mpianany nandritra ny roa andro Izy. Araka ny voalazan'ny Jaona 4:39 dia mponina maro avy tao an-tanàna no nino an'i Jesôsy noho ny fijoroan'ilay vehivavy ho vavolombelona. Taorian'ny fandalovan'i Jesôsy anefa dia nihamaro ny olona nino. Izao no nolazain'izy ireo tamin-dravehivavy: "*Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao.*"- and. 42. Raha tsy afaka ny nanambara ny maha Mesia Azy tam-pahalalahana tamin'ny Jiosy i Jesôsy, ny Samaritana kosa dia vonona ny hanaiky ny maha Andriamanitra Azy.

## RANO HO AN'IREO IZAY MANGETAHETA

Lesona manan-danja maro no entin'io tantara izay niseho teo amin'ny fantsakan'i Jakôba io ho antsika.

Voalohany, ny Filazantsara dia azo torina na aiza na aiza, ary amin'ny fotoana rehetra, amin'ny olona rehetra maniry ny hihaino. Tsy niandry vahoaka betsaka hanatrika fivoriana izay nankalazaina tamin'ny olona maro i Jesôsy. Nanombo-dresaka tamina vehivavy mpanota izay tonga mba hanovo rano fotsiny Izy. Ary rehefa nilaza ny fihaonany tamin'ireo mponina tao an-tanàna ilay vehivavy samaritana dia tsy niandry "fotoana mety" fa nilaza avy hatrany tamin'ireo rehetra naniry mafy ny hihaino azy. Zava-dehibe loatra ny hafatra izay voarainy ka tsy afaka ny hiandry!

Faharoa, na oviana na oviana dia tsy tokony hihevitra isika fa mahafantatra izay olona vonona handray ny Filazantsara na tsia. Tsy azontsika atao koa ny milaza fa tsy mendrika ny handray ny Filazantsara ny olona iray. Araka ny nohazavain'i Jesôsy ao

amin'ireo fanoharana maro nataony momba ny famafazana sy ny fijinjana, ny voan'ny Filazantsara dia natsipy teo amin'ny tany tsara *sy* teo amin'ny tany ratsy. Mety maniry eo anivon'ny vary ny tsimparifary; saingy indray andro any dia hanavaka ny marina sy ny tsy marina Andriamanitra. Ny anjarantsika dia ny mamafy sy ny mijinja ihany. Andriamanitra no hiahy ny ambiny.

Tamin'ny fiandohan'ny resaka nataon'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy samaritana dia nilaza ny rano izay omeny ho toy ny "*loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay*" (and. 14) Izy. Tamin'ny faneken'ilay vehivavy samaritana an'i Kristy ho Mesia dia izy indray no tonga loharanon'izany rano velona izany. "*Izay misotro ny rano velona dia manjary loharanon'aina. Manjary mpanome ny mpandray. Ny fahasoavan'i Kristy ao amin'ny fanahy dia tahaka ny loharano any an'efitra, izay miboiboika mba hampangatsiaka ny rehetra sy hahatonga ireo izay efa ho faty hazoto hisotro ny ranon'aina.*" – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 193

Noho izany dia andeha isika handray ny rano velona atolotr'i Jesôsy antsika ary hizara izany amin'ireo izay mifanena amintsika! Ny resaka rehetra dia mety ho tonga fotoana fanararaotra hizarana io rano io. Aza rarana tsy handray izany fanomezana izany ireo izay mangetaheta tokoa!

**Fanontaniana hosaintsainina**

- Inona avy ireo hevitra izay fikirinao ka mety ezahin'Andriamanitra ovana?
- Misy fiantraikany amin'ireo olona iresahanao ve ny fahasamihafana ara-pôlitika na ara-poko?
- Nisotro tamin'ny rano velona ve ianao androany?



# VAVOLOMBELONA TAO AMIN'NY FAHAFATESANA: TABITA

Vao haingana no nanao veloma farany ny raibe, ray sy vady malala ny fianakavianay. Teo an-doham-pandriany izahay no nipetraka, nitomany, nivavaka ary nanao hira nitory fanantenana. Nojerenay ny tratrany miakatra sy midina ary nisainay ny fisefoany. Nihomehy izahay no sady nitomany raha nahatsiaro ny hatsaram-panahiny sy ny faharetany ary ny fahalalahan-tanany. Fantatray fa io lehilahy io, izay nandany ny fiainany tamin'ny fanompoana an'Andriamanitra dia hitsangana amin'ny maty ao amin'ny vatana tsy mety lo; kanefa ny fanaovana veloma farany azy eto amin'ity fiainana ity dia maharary tokoa na izany aza. Nandritra ny ora sy ny andro nanaovana fiaretan-tory dia tsapanay fa tsy noforonina hanao veloma farany na hahita ny fandaozan'ny olo-malala iray isika. Noforonina ho an'ny fiainana mandrakizay isika.

Nivory ny fianakavianay sy ny fiarahamonina misy anay. Ny fahatongavan'ny sakafo sy ny hafatra marobe mitory fampaherezana sy fanantenana avy amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao dia vavolombelon'ny asa fanompoan'ireo ray aman-drenibenay izay nanompo sy niasa ary tia olona maro. Ny Asa. 9 dia mitantara ny tantarana mpianatra iray izay tena tiana tahaka izany koa: Tabita (na Dôrkasy).

**VEHIVAVY MPANAO ASA SOA**

Tsy mahalala zavatra betsaka momba an'i Tabita isika. Firy taona izy? Nanambady ve izy? Nanan-janaka ve izy? Ny fantatsika dia mpianatr'i Jesôsy izy ary "*be ny asa soa sy ny fiantrana izay nataon'izany vehivavy izany*"- Asa. 9:36, anisan'izany ny fanjairana akanjo ho an'ny mpitondratena (and. 37, 39). Ny asa soa nataony izay namaly ny filan'ireo vehivavy tao Jopa dia toa milaza fa vehivavy manan-katao izy – ary azo heverina ho tompon'ny orinasa iray mpanjaitra akanjo aza. Tsy isalasalana fa nanana fahaiza-manao sy loharanon-karena nilaina hanjairana karazana akanjo samihafa izy. Ny filazana azy ho "isan'ny mpianatra" dia milaza koa fa mpitarika tao amin'ny fiarahamonin'ny mpino izy.

Toe-javatra naharary ho an'ireo mpianatr'i Kristy tao Jopa ny aretina sy ny fahafatesan'i Tabita. Maty ny raibeko rehefa avy niaina fiainana naharitra ela sy feno; i Tabita kosa dia maty aloha loatra. Nampandroina ny vatany ka napetraka tao amin'ny efitrano ambony. Nivory nanodidina azy ireo mpitondratena ka nitomany azy. Vavolombelon'ny fiahiana sy ny fitiavan'io vehivavy nanolo-tena io azy ireo sy ny fiarahamonina ireo akanjo nanaovan'izy ireo.

Tsy lavitra teo, tao amin'ny tanànan'i Lyda, dia nanasitrana mararin'ny paralisisa iray i Petera. Niely faingana teo amin'ny faritra manontolo ilay vaovao. Nandefa iraka ho any amin'i Petera any Jopa ireo mpianatra amin'ny fanantenana fahagagana, ary nanery azy ho tonga avy hatrany. Rehefa tonga tao Jopa i Petera dia nahita ireo mpino feno alahelo. Nasehon'ireo mpitondratena nalahelo ireo akanjo nozairin'i Tabita ho azy ary nijoro ho vavolombelon'ny fiainam-panompoany izy ireo. Tohina ny fon'i Petera ka namoaka ny rehetra tao amin'ilay efitrano. Nivavaka mafy tamin'ny Tompo izy mba hanangana an'i Tabita amin'ny maty. Tamim-pinoana no nitodihany taminy ary nihiaka hoe: "Ry Tabita, mitsangàna!"

Dia nampodin'Andriamanitra taminy indray ny ainy! Nanatsotra ny tanany taminy i Petera ka nitsangana izy. Alaivo sary an-tsaina ny hafaliana sy ny fientanentanana rehefa nanolotra azy velona tamin'ireo mpino i Petera! Olona maro tao Jopa no nino ny Tompo taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty. Nanova ny fahafatesany – izay naharary sy nahonena – ho fandresena ny fitsanganan'i Tabita tamin'ny maty! Fijoroana ho vavolombelona manao ahoana re ny filazana fa maty izy nefa velona indray!

## FAHAFATESANA SY FIANDRASANA

Ahoana kosa ny amin'ireo izay maty ary tsy natsangana tamin'ny maty? Tsy lehilahy, vehivavy ary ankizy maro ve no maty tanora na dia manompo an'Andriamanitra am-pahatokiana aza? Nisy fiantraikany tamin'ny olona maro ny ady ifanandrinan'Andriamanitra sy i Satana, ka tonga aloha eo amin'ny fiainana na aorian'ny taona maro iainana ny fahafatesana. Izany no toetry ny ady. Manome fanantenana ho antsika ny amin'ny fiainana ankoatra ny fasana ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesôsy Kristy tamin'ny maty: ireo izay maty ao amin'i Kristy dia hitsangana ho velona mandrakizay miaraka Aminy (Rôm. 6:8). Tsy mbola voaro amin'ny aretina sy ny fahafatesana anefa ny vatantsika.

Ahoana no hiatrehantsika ny fahafatesana, izay mbola misy hatrany? Nahita fampiononana lehibe aho amin'ny fahafantarana fa ny fahafatesan'ny mpino mahatoky iray dia karazana fijoroana ho vavolombelona. Tamin'ny fiafaran'ny fiainany dia tsy afaka nanao fizahana marary, nampianatra Baiboly, nitory teny na nivavaka tamin'ny feo avo intsony aza ny raibeko. Na izany aza, ny fijoroany ho vavolombelona dia tsy nitoetra tao amin'izay azony na tsy azony natao fa tao amin'ny maha-izy azy: *lehilahy iray sakaizan'Andriamanitra*.

Teo amin'ny farafara nialany aina dia voahodidin'ireo izay nankamamy ny fahatsiarovana ny toetra tsara nananany sy ny fahatokiany izy, tahaka ireo mpitondratena izay nanodidina an'i Tabita. Tamin'ny fotoana izay nialany aina aza dia naharay hafatra maro manome voninahitra an'Andriamanitra ny amin'ny fitiavana sy ny fikarakarana izay nataony tamin'ny olona maro izahay. Tohina ny amin'ny fandavantena nananan'ireo fianakaviana sy ny namana izay nikarakara azy na nipetraka, nihira na namaky andinin-tSoratra Masina ho azy teo an-doha farafarany ny mpiasan'ny fahasalamana. Nasehony anay fony fahavelony ny fomba hitiavana sy hampaherezana ny hafa. Tamin'ireo andro farany niainany dia nikarakara azy tahaka izay ho nikarakarany ny hafa izahay.

Ny fahafatesan'ny vavolombelona iray dia mety ho fiafaran'ny fiainany saingy azo antoka fa tsy fiafaran'ny fijoroany ho vavolombelona! Na ho fotoana fohy aorian'ny fahafatesana tahaka izay niseho tamin'i Tabita ny fitsanganana amin'ny maty na miandry ny fiverenan'i Jesôsy, ireo izay mitoetra dia afaka manohy manambara ny hafatry ny fahamarinana sy ny fanantenana ary ny fitiavan'Andriamanitra. Koa aoka isika hanohy ny lova napetrak'ireo izay nampiasa ny talentany sy ny loharanon-kareny hitondrana fitahiana ho an'ny fiarahamonina nisy azy. Ary aoka isika hanome voninahitra mandrakariva an'Ilay manohana antsika sy eo anilantsika amin'ny fotoam-pahoriana sy alahelo – amin'ilay Iray izay hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny masontsika indray andro any.

**Fanontaniana hosaintsainina**

- Ahoana no ahafahanao mampiasa ireo talentanao sy ireo loharanon-karenao ho tombontsoan'ny fiarahamonina misy anao?
- Raha ho faty ianao anio dia inona ny lova hapetrakao?
- Ahoana no hahatonga ny fahafatesan'ny mpino iray ho fijoroana ho vavolombelona?
- Inona ny fanantenana azontsika resahina aorian'ny fahafatesan'ny olo-malala iray?

ZOMA



# NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELON'NY MPIVADY: AKOILA SY PRISILA

Mila mpitarika ny fihetsehana rehetra, ary ny sasany amin'ireo mpitarika mahomby indrindra dia mpivady. Nivady tamin'ny 30 Aogôsitra 1846 i James sy i Ellen White, ary izy mivady no tonga mpitarika nanana hery mahataona indrindra tao anatin'ilay fihetsehana izay tonga fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito. Nitoriteny izy ireo, nampianatra, nanitsy ny diso ary nanome torohevitra nanerana an'i Amerika avaratra. Hery lehibe nanosika ny fanapariahana ny hafatra advantista manerana izao tontolo izao ny asa fanontampirinty natombok'i James, ary ireo asasoratr'i Ellen indray dia nitondra fanandramana sy fitarihan-dalana ara-paminaniana ho an'ireo mambra sy ireo fiangonana manerana an'izao tontolo izao.

Azontsika antsoina hoe "mpivady manana hery mahataona indrindra" an'ny Advantista izy ireo- fikambanan'ny olona roa manana hery mahataona lehibe izay mifameno sy mifanome hery. Nisy mpivady nanana hery mahataona ihany koa tao amin'ny fiangonana kristianina voalohany- Akoila sy Prisila- izay nanome hery ny fiangonana na taiza na taiza nalehany, tahaka an'i James sy i Ellen White.

**Ireo mpivady kristianina voalohany nanana hery mahataona**

Ao amin'ny Asa. 18 no ahitantsika an'i Akoila sy Prisila voalohany indrindra, raha nanara-dia an'i Paoly avy tany Atena ho any Korinto izy ireo. Renivohitry ny kolontsaina sy ny pôlitika ary ny toe-karena i Korinto; ary noho ny fananany seranan-tsambo roa izay nifamezivezen'ny olona dia toerana iray nety indrindra ho an'ny fitoriana ny filazantsara tao.

Vao haingana i Akoila sy i Prisila no nifindra monina tany Korinto. Voatery nandao an'i Rôma izy ireo, sy ireo Jiosy hafa, noho ny didy navoakan'i Klaodio, vokatry ny fifandonana mikasika ny fitoriana an'i Jesôsy Kristy (David W. Pao, "Acts," in The Baker Illustrated Bible Commentary, ed. Gary M. Burge and Andrew E. Hill (Grand Rapids: Baker, 2012), t. 1201). Hita fa efa Kristianina ireto mpivady ireto nialoha ny nahatongavan'i Paoly, ary nandray azy tao an-tranony sy niombon-draharaha taminy izy ireo.

Samy mpanao lay i Akoila sy i Prisila, ary niara-niasa akaiky tamin'ny asa tanana izy telo ireo, tao amin'ny efitrano fiasana izay tao amin'ny rihana ambanin'ny trano fonenany (Marie Noël Keller, Priscilla and Aquila: Paul's Coworkers in Christ Jesus (Collegeville, Minn.: Liturgical Press, 2010), tt. 17-20). Azo inoana fa nampiasain'izy ireo hiresahana amin'ny mpanjifany mikasika ny filazantsara io efitrano io, ary nanaovana fivorian'ny vondrona mpino vitsivitsy koa aza angamba.

Nanaraka ny dian'i Paoly nankany Korinto i Silasy sy i Timoty, ary vokatry ny fifandirana tamin'ny Jiosy, dia niitatra ho any amin'ny Jentilisa ny asa fitoriana. Nandray anjara tamin'izany asa izany koa i Prisila sy i Akoila. Taty aoriana dia niaraka tamin'izy ireo nankany Efesôsy i Paoly, ary nandao azy ireo ka nandeha nitory ny filazantsara sy nanangana vondrona mpino vaovao (Asa. 18:18, 19). Tahaka ny fomba fiasan'i Barnabasy sy i Silasy ary i Timoty no nataon'izy ireo tamin'izany, niara-niasa tamin'i Paoly amin'ny maha-"mpanampy ny misiônera" azy ((Marie Noël Keller, Priscilla and Aquila: Paul's Coworkers in Christ Jesus (Collegeville, Minn.: Liturgical Press, 2010), t. 23). Niara-niasa tamin'ireo mpino tao Efesôsy ireto mpivady ireto ary nanorina fiangonana tao an-tokantranony nony farany (1 Kôr. 16:19). Nankany amin'ny sinagôga izy ireo ka nandre an'i Apôlôsy, Jiosy iray avy any Aleksandria, niresaka momba an'i Jesôsy (Asa. 18:24-26). Mihoatra noho ny an'i Apôlôsy ny fahatakaran'i Akoila sy i Prisila ny filazantsara; azo heverina fa noho ny maha-Kristianina azy ireo efa ela izany, na koa noho ny fotoana niarahany tamin'i Paoly izay nampivelatra sy nampahatanjaka ny fahatakarany ara-teôlôjia. Hitan'izy ireo ny talenta nomen'Andriamanitra an'i Apôlôsy, ka tsy nanitsy azy ampahibemaso izy ireo fa niantso azy mitokana ka "nampianatra azy marimarina kokoa ny amin'ny làlan'Andriamanitra."-and. 26. Noraisin'i Apôlôsy tsara ny fandraisan'izy ireo sy ny fahaizany niresaka taminy ary ny torolalana momba ny teôlôjia ka nankany Akaia i Apôlôsy, ilay faritra izay nilaozan'i Akoila sy i Prisila, mba hanohy ny asa fanompoany.

Nisy fotoana nifindran'izy mivady indray tany Rôma, ary nampitondra ny fampamangiana azy ireo i Paoly ao amin'ny Rôm. 16:3, 4, ka niantso azy ireo hoe: "mpiara-miasa amiko ao amin'i Kristy Jesosy; izy mivady dia nanolotra ny tenany hamonjy ny aiko; nefa tsy

izaho ihany no misaotra azy, fa ny fiangonana rehetra any amin'ny jentilisa koa." Nanao veloma ny fiangonana tao an-tranon'izy ireo koa izy; maneho izany fa mbola nampiasa ny tranony ho fiangonana izy ireo na taiza na taiza nalehany (and. 5).

Io fampamangiana fohy kanefa manan-danja io dia maneho fa tsy nifantoka fotsiny tamin'ny fiasana tamin'ireo Jiosy izy mivady fa nanampy an'i Paoly tamin'ny fitoriana ny filazantsara tamin'ireo Jentilisa ihany koa; izany no nahatonga "ny fiangonana rehetra any amin'ny jentilisa" nisaotra azy ireo.

Ao amin'ny 2 Tim. 4:19 no ahitana farany ny anaran'i Prisila sy Akoila, rehefa nampitondra ny fampamangiana ho azy mivady tamin'i Timoty i Paoly. Niverina tany Efesôsy izy ireo, ary niara-niasa tamin'i Timoty tany ka nampahatanjaka sy nampitombo ny fiangonana (Nguyen vanThanh, "Migrants as Missionaries: The Case of Priscilla and Aquila," Mission Studies 30 (2013): 204). Ireto mpivady nifindra monina ireto, izay niaraka tamin'ireo fitaovana fanaovany ny raharahany sy ny fitiavany ny filazantsara, dia nanokatra ny tokantranony tany amin'ny tanàna telo samy hafa mba hidiran'i Paoly sy ireo mpino hafa ary nampandroso ny filazantsara tany amin'izay rehetra nandehanany. Tsy nandray karama izy ireo tamin'izany asa fanompoana izany fa nanao ny raharahany ary nampiasa ny vola sy ny fotoana ary ny fahalalana nananany mba hampianarana sy hitoriana ny filazantsara tamin'ireo mpiray monina taminy.

## NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA ATAON'NY TOKANTRANO

Miaina ao anatin'ny vanim-potoan'ny fanatontoloana isika; mora kokoa ny fivezivezena ankehitriny raha miohatra amin'ny dia nataon'i Paoly sy i Prisila ary i Akoila. Haingana kokoa ny fifandraisantsika amin'ny alalan'ny hafatra an-telefaonina, ny mailaka na koa ny antso an-telefaonina. Na dia eo aza anefa ny fanamorana ny fifandraisana dia maro amintsika no maniry fatratra ny fifandraisana ety izay nisy teo amin'ny fiangonana kristianina voalohany. Tsy ny fahalalana ara-teôlôjia nananan'i Akoila sy i Prisila na koa ny fifandanjan'ny raharahany sy ny asa fanompoany no nitoeran'ny herin'ny fijoroany ho vavolombelona, fa ny fifandraisany ety tamin'i Paoly sy i Apôlôsy ary ireo mpino hafa. Nampiantrano an'i Paoly ny tokantranon'izy ireo ary nanome azy asa mba hamelomany ny tenany nandritra ny asa fanompoana nataony. Tao an-tokantranon'i Akoila sy i Prisila no nahafahana nanome fampianarana bebe kokoa an'i Apôlôsy mikasika an'Andriamanitra. Ary ny tranon'izy

ireo, na taiza na taiza toerana nonenany, dia tonga trano fiangonana, fitoerana nanaovana fanompoam-pivavahana sy fialofana ho an'ireo mpino.

Naneho tamin'izao tontolo izao ny endrik'Andriamanitra ireo mpivady izay niara-niasa mba hizara ny filazantsara sy nanokatra ny varavarany hidiran'ireo mangetaheta fifandraisana sy fisakaizana. Ao anatin'ny tontolo feno fifandraisana rava sy tokantrano mikorontana, ny fialofana omen'ny tokantrano kristianina dia mitondra fahasitranana ara-panahy sy ara-pihetsehampo.

Tsara ny manamarika fa tsy natokana ho an'ireo mpivady ihany ny asa fanompoana ataona vondron'olona. Afaka mampiasa ny fiaraha-miasa amin'ny endriny rehetra Andriamanitra, eo amin'ny mpinamana, tahaka an'i Paoly sy i Silasy ary i Timoty izany (Asa. 18:5), na eo amin'ny mpihavana. Samy manolotra tombontsoa miavaka ny tsirairay eo amin'ny fampandrosoana ny filazantsara.

Izao no nosoratan'i Ellen White: "Tsy mitaky harena na koa toerana ambony eo amin'ny fiarahamonina na koa fahafahamanao lehibe ny asa izay niantsoana antsika. Toe-tsaina feno fahalemempanahy sy fahafoizan-tena ary tanjona tsy azo hozongozonina izany. (…) Mety ho kely ihany ny toerana iasan'ny hery miasa mangina avy amintsika, mety ho kely ny fahafaha-manao ananantsika, mety ho vitsy ny fotoana azo hararaotina, mety ho voafetra ny fahalalantsika, kanefa marobe ireo fahafaha-manao mahatalanjona eo anoloantsika amin'ny alalan'ny fampiasana ireo tombontsoa fanararaotra ao an-tokantranontsika. Raha manokatra ny fontsika sy ny tokantranontsika hidiran'ny fitsipipiaina araka an'Andriamanitra isika dia ho tonga fantsona hikorianan'ny onin'ny hery mitondra fiainana. Avy ao an-tokantranontsika no hikorianan'ny onin'ny fanasitranana, izay mitondra fiainana sy fahatsaran-tarehy ary fahavokarana eo amin'izay misy tsy fahavanonana sy mosary ankehitriny."- Ellen G. White, The Adventist Home (Nashville:: Southern Pub. Assn., 1952), t. 32.

Tsy voatery ho mpitandrina mandray karama isika vao hanao fijoroana ho vavolombelona mahomby. Tsy voatery ho mpanankarena isika, fa tokony ho vonona hanao ny asan'Andriamanitra, handeha araka izay iantsoany na aiza na aiza no hitarihany antsika, ary koa hikambana amin'ireo mpino hafa mba hitory ny filazantsara amin'izao tontolo izao.

**Fanontaniana hosaintsainina:**

Ahoana no handraisanao ny hafa, na ao an-tokantranonao na amin'ny alalan'ny fanampiana sy fiaraha-miasa amin'ireo mpino hafa?

Inona avy ireo fomba azonao atao mba hampianarana ny hafa ny "lalan'Andriamanitra"?

Raha toa ianao manambady, ahoana no ahafahanao sy ny vadinao miara-miasa ho fizarana ny filazantsara? Ahoana no hahatonga ny tokantranonareo ho fijoroana ho vavolombelona?

**SABATA FAHAROA**



# HATRAMIN'NY FAHAFATESANA: NY FIJOROAN'I PAOLY APÔSTÔLY HO VAVOLOMBELONA

Raha natao ny fitsarana an'i Paoly, dia mbola nangataka andro i Néron ny amin'ny didim-pitsarana tokony hahatra aminy, satria tsy sahiny natao na ny nanafaka azy na ny nanameloka azy. Nafonja loatra mantsy ny fiarovan-tenan'i Paoly ka tena nahavery hevitra azy mafy dia mafy. Tsy ela anefa dia nirongatra indray ny fahasahiany. Noho ny fahakiviany tamin'ny tsy nananany hery hanafongana ny fandrosoan'ny fivavahana kristianina, izay tafatsofoka hatrany amin'ny lapan'ny amperora aza, dia nanapa-kevitra izy fa hampamono io apostoly io raha vao mahita antony marim-pototra hamelezana azy. Taoriana kelin'izany àry dia namoaka ny didim-pitsarana hanameloka an'i Paoly ho faty maritiora izy. Fanapahan-doha no tsy maintsy natao tamin'ny olona manana zo rômana raha hita fa meloka izy, fa tsy azo atao ny mampijaly azy.

Dia nentina antsokosoko nankeo amin'ny toerana hamonoana azy i Paoly ka olona vitsy foana no navela hanatrika izany. Tena natahoran'ny mpanenjika azy tokoa mantsy 'ndrao misy olona sasantsasany ho tapa-kevitra hiditra ho Kristianina rehefa manatrika ny fahafatesan'i Paoly. Kanjo, na dia ny miaramila izay azo lazaina ho mafy fo aza, izay nasaina niambina an'ilay voaheloka, dia nihaino tamim-pahalianana ny teniny, ary talanjona nahita ny herim-pony, eny, ny fifaliany aza, teo am-panatrehany ny fahafatesana. Ireo nanatrika ny famonoana azy, raha nandre ny fangatahana famelan-keloka nataon'i Paoly ho an'ny mpamono azy, sy nahita ny fahatokiany tsy azo nohozongozonina an'i Kristy hatramin'ny minitra farany indrindra, dia nahatsapa 'hanitra ho amin'ny fiainana'. Maro no nanaiky ny Mpamonjy notorin'ny apostoly Paoly taminy, ka tsy ela akory dia voatery nandatsaka ny rany tamin-kerimpo ho fijoroana amin'ny finoany.

## FIADANANA TAO ANATIN'NY LOZA

"Voaporofo teo amin'ny fiainan'i Paoly hatramin'ny ora farany ny fahamarinan'ny teny nosoratany ho an'ny Korintiana: '*Fa Andriamanitra, Izay nandidy hoe: Aoka ny mazava hahazava ao amin'ny maizina, no nampahazava ny fonay ho amin'ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy. Fa manana izao rakitra izao amin'ny vilany tany izahay, mba ho an'Andriamanitra ny halehiben'ny hery, fa tsy ho avy aminay. Voageja manodidina izahay, nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy namoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy; potraka, nefa tsy maty; mitondra ny fahafatesan'i Jesosy mandrakariva ao amin'ny tena izahay, mba hiseho ao amin'ny tenany koa ny fiainan'i Jesosy. Fa izahay izay velona dia atolotra ho amin'ny fahafatesana mandrakariva noho ny amin'i Jesosy, mba haseho ao amin'ny nofonay mety maty koa ny fiainan'i Jesosy*'- 2 Kôr. 4:6-10. Tsy tao amin'i Paoly rahateo izany filaminantsaina izany fa avy tamin'ny Fanahy Masina izay nanetsika ny fanahiny, ka nampanaiky ny fisainany tamin'ny sitrapon'i Kristy. Izao no nambaran'ny mpaminany: '*Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy*'- Isa. 26:3. Tsy vitsy ny olona voababon'ny filazantsara ny fony raha nahatazana io fiadanana avy any ambony hita taratra teo amin'ny endrik'i Paoly io.

"Nisy rivotry ny lanitra niainan'io apostoly io. Samy nahatsapa lalina ny fiombonan'i Paoly tamin'i Kristy izay rehetra nifampikasoka taminy. Ary satria fanehoana ny fitsipika nampianariny ny fitondrantenany, dia nisy hery nampiaiky tokoa tao amin'ny toriteniny. Ao amin'izany indrindra tokoa mantsy no itoeran'ny herin'ny fahamarinana. Ny hery miafina, vokatry ny fiainana masina, no toriteny mahataona indrindra ho amin'ny finoana kristianina. Na mampiaiky toy inona aza ny fandaharanteny, dia mbola azo toherina ihany; nefa kosa ny toe-piainana tsy misy kilema dia manana hery tsy azo toherina mihitsy.

## FIAINANA MIHEVITRA NY HAFA

"Noho ny fiheveran'i Paoly fatratra an'ireo izay hilaozany dia hadinony ny fijaliana niandry azy. Ny nalehan'ny sainy dia ny endrikendrika sy ny fankahalana mbamin'ny fanenjehana hihatra amin'izy ireo. Niezaka izy hampahery sy hanatanjaka ny finoan'ireo Kristianina vitsivitsy nanara-dia azy hatreo amin'ny toerana namonoana azy, ka naverimberiny taminy ny teny fikasana natao ho an'ny maritiora izay enjehina noho ny fahamarinana. Nomeny toky izy ireo fa hotanterahin'ny Tompo avokoa izay rehetra nampanantenainy ho an'ny zanany mahatoky mandalo amin'ny fitsapana... Tsy maintsy hisedra fakam-panahy maro izy ireny, ary

angamba horombahina hiala aminy ny hareny ara-nofo, kanefa hahazo hery kosa izy noho ny fitokisany fa mahatoky Andriamanitra, ka azony hatao ny hiteny hoe: '*Fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandra-pihavin'izay andro izay*'- 2 Tim. 1:12. Kelikely sisa dia hisinda ny alin'ny fizahan-toetra sy ny fijaliana; hiposaka kosa ilay maraina mamirapiratra, manambara andrompiadanana sy fahasambarana tanteraka.

"Nibanjina ny any ankoatra ilay apostôly ka tsy nisy tahotra na horohoro teo aminy, fa nanana fanantenana mahasambatra kosa izy ka tsy andriny ny hahatanterahan'izany. Nijoro teo amin'ny toerana handatsahany ny rany izy, ka samy tsy hitany na ny sabatr'ilay mpandatsa-dra, na ny vovoka izay hirarahan'ny rany. Nanandratra ny masony tany an-danitra izy, dia ilay lanitra madio sy manga fahita amin'ny andro tsaran'ny lohataona, ka tazany tamin'izany ny seza fiandrianan' Andriamanitra.

"Tazan'ity lehilahy be finoana ity ilay tohatr'i Jakoba izay nampiseho an'i Kristy nampiray ny tany tamin'ny lanitra, dia Ilay Lehilahy tonga lafatra ao amin'Andriamanitra tsy hita fetra. Nampahery azy ny fahatsiarovany ny patriarka sy ny mpaminany izay nametraka ny fitokisany teo amin'Ilay afaka hampionona sy hanohana ny finoany; ho Azy koa no nanolorany ny ainy izao. Nandova ny fahatokiana an'Ilay Andriamanitra mahatoky tamin'ireo olona masina ireo izy, dia ireo izay nijoro tamin'ny finoany nandritra ny taona maro nifandimby. Ireny namany ireny, apostoly tahaka azy, izay nitory ny filazantsaran'i Kristy, dia tsy maintsy nisetra ny fahateren-tsaina ara-pivavahana sy ny finoanoam-poana jentilisa, niaritra koa ny fanenjehana sy ny eso, ireo rehetra izay nanao ny ainy tsy ho zavatra, fa niezaka kosa hampamirapiratra ny hazavan'ny hazo fijaliana teo anivon'ny faharatsiana, - izy ireny koa, dia toa reny nanambara taminy fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra sy Mpamonjy izao tontolo izao. Toa nikarantsana tao an-tsofiny, avy teo amin'ny toerana fanapahan-doha, sy avy tao an-tranomaizina, avy teo amin'ny kodiarana fampijaliana, avy tany an-dava-tany sy avy tany an-dava-bato, ny antsom-pandresen'ny maritiora. Reny ny Kristianina manambara amimpahamendrehana sy amin-kasahiana ny finoany na dia nampijalina sy nampahorina, sy nafoy aza, ka sahy nilaza hoe: 'Fantatro Izay inoako'. Ireny maritiora ireny, izay namoy ny ainy, dia manambara eo anatrehan'izao tontolo izao fa afaka hamonjy azy ny Tompo izay nametrahany ny fitokisany.

## ILAY TOKY MAMY

"Azon'i Paoly antoka fa sarobidy eo imason'ny Mpanavotra azy ny fanahiny satria efa navotan'ny ran'i Kristy izy, ka voasasa ho afaka amin'ny fahotany, ary nampitafina ny fahamarinan'i Kristy.

Voafina ‘miaraka amin’i Kristy ao amin’Andriamanitra’ ny fiainany, ary matoky izy fa afaka hitahiry ilay zavatra nampitehiriziny Azy Ilay nandresy ny fahafatesana: ‘*Izaho hanangana azy amin’ny andro farany*’- Jao. 6:40. Nifantoka tany amin’ny fiavian’i Kristy fanindroany ny sainy sy ny fanantenany. Ka rehefa nianjera teo aminy ny sabatry ny mpamono, ka nanodidina ilay maritiora ny aloky ny fahafatesana, dia nibanjina ny hoavy ny fisainany farany, ary toy ny tonga teo aminy sahady ny fifohazana amin’ny fitsanganana amin’ny maty, ka niarahabany an’Ilay Loharanon’aina, dia Ilay handray azy amin’ny firavoravoana miaraka amin’ny voavotra rehetra.

“Efa roa arivo taona izao no lasa hatramin’ny nanasian’ny apostoly Paoly tombo-kase ny fanambarany ny Tenin’ Andriamanitra sy ny Mpamonjiny tamin’ny rany, tamin’ny fotoana nihilanan’ny androny. Tsy nisy diampenina afaka nitantara ny zavatra niseho tamin’ny fotoana farany niainan’io olona masina io, ho an’ny taranaka nifandimby. Toy ny feom-pandresena avy amin’ny trompetra nanakoako nandritra ny taonjato maro nifandimby, ka nampitambelona ny herim-pon’ny vavolombelon’i Kristy an’arivony maro ity antsom-pandresena feno hafaliana ity: ‘*Fa izaho dia efa hatolotra sahady, ary efa mby akaiky ny andro fialako. Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen’ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin’izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an’izay rehetra tia ny fisehoany koa*’- 2 Tim. 4:6-8.”

Nalaina tao amin’ny boky Vavolombelona Mahery, tt. 447-451 ity lahatsoratra ity. Inoan’ny Advantista mitandrina ny andro fahafito fa nandritra ny 70 taona mahery nanaovan’i Ellen G. White asa fanompoana no nampiasany ny fanomezam-pahasoavan’ny faminaniana izay voalazan’ny Baiboly (1827-1915).